


FANONTANIANA SY VALINY

 Manao ahoana, ry sakaiza, mahafinaritra ny tonga eto izao hariva izao. Ary izaho, ny fomba nianjeran'ity karazana rehetra ity teo amiko, dia satria nieritreritra ny amin'ny rahalahiko aho aninkeo maraina, ary ahoana fa fantatro hoe inona no dikan'ny fivoriana roa isan'andro.

² Ary izaho—nisy sst kely tao amin'ny tendako; mitory teny betsaka aho. Ary avy eo vantany vao tonga ato an-tanàna aho, ity lohasaha ity, ny lanilany kely eto aoriana eto avy amin'ny karazan'ny, ity, izy ireo no miantso azy, ity toetr'andro ato amin'ity lohasaha eto ity, manohy mibontsina mafy ilay izy hany ka tsy maintsy manohy mitelina foana aho raha mbola ato amin'ilay lohasaha. Ary lasa aho, andro vitsivitsy, dia lasa ilay izy. Miverina, dia tonga indray izy.

³ Ary somary nanana fahatsapana ho an-dRahalahy Neville aho, nahafantatra fa—fa mety lasa lavidavitra kely kokoa eo amin'ilay làlana izahay noho ny sasany aminareo olona tanora, ary noho izany dia mijery amin'ilay fomba hafa izahay. Noho izany dia samy mahatsapa izahay, ary mainka fa rehefa manomboka manatona ireo andro, dia manakaiky ireo andro ratsy. Ary avy eo dia mahafantatra fa handeha izahay ankehitriny, avy hatrany, raha sitraky ny Tompo.

⁴ Ary nieritreritra aho, fantatrareo, tokony ho eto Rahalahy Boze amin'ny Alahady heriny hariva, mino aho. Izaho... Efa fantatrareo ve izany? Eny, ary amin'ny Alahady heriny hariva. Izy dia manana ho—horonan-tsarimihetsika iray izay tiany haseho, mikasika ny asany avy tany ampitan-dranomasina izay... Izy dia nanana no—nofy iray tonga taminy taona maro lasa izay, mikasika ny fahatongavana any Chicago. Ary ilay lehilahy mampalahelo dia nahatsiaro ho torotoro tanteraka indray mandeha, nilaza fa tsy tanteraka mihitsy ny hafany. Ary nazavaiko taminy hoe ahoana fa efa nanatanteraka ny Tompo. Avy eo dia azony ilay izy.

⁵ Avy eo dia nanome azy nofy iray hafa ny Tompo. Ary noho izany rehefa tonga ny fandikana, dia niteny taminy an'izay haleha sy izay hatao. Ary nandeha tany izy ka, oadray, oh, oadray, nankany Kenya sy Tanganyika ary Ouganda, ary ireo firenena tany ireo, mahagaga fotsiny izay nataon'ny Tompo ho azy ireo tao amin'ny asan'izy ireo. Ary te-hampiseho an'ilay sary izy, mba haneho fotsiny an'izay ataon'ny Tompo eo anivon'ireo olona ireo, ireo foko Afrikana any ireo. Raha sitraky ny Tompo, amin'ny Janoary, te-hiaraka aminy any aho ho an'ny... ary ireo eo anivon'ireo foko ireo, ho an'ny fivoriana iray fotsiny alohan'ny handehanako any Rhodésie sy Afrika Atsimo indray.

⁶ Ary, avy eo, izany dia amin'io Alahady hariva ho avy io, noho izany dia tsarovy, ankehitriny. Ary mivavaha mafy ho an-dRahalahy Joseph, efa rahalahy kely iray mahafinaritra izy. Nankasitraka azy betsaka aho, ny fiombonany sy ny sisa.

⁷ Noho izany, amin'io herinandro ho avy io, dia hiainga izahay arak'izany ho...ho any Southern Pines, ary avy eo any Columbia, Carolina Atsimo; ary avy eo dia mankany Cow Palace, ny Morontsiraka Andrefana, avy eo dia any Grass Valley; ary mankany amin'ilay Foara Maneran-tany, ary miverina any Oregon indray; avy eo dia any British Columbia, sy ny sisa, manohy sy manohy hatramin'ny faran'ity fararano ity. Noho izany dia manantena izahay, amin'ity fararano ity, raha sitraky ny Tompo, ny hanao fivoriana vitsivitsy amboniny eto, raha omen'ny Tompo.

⁸ Noho izany dia nieritreritra aho, alohan'ny handehanako, dia ho zavatra tsara iray ny somary mametraka fanontaniana vitsivitsy. Fantatrareo, mahita an'izay ao am-pon'ny olona ianareo rehefa mametraka fanontaniana. Ary noho izany dia nieritreritra aho, fantatrareo, izao hariva izao, ny hanao karazana resaka kely fo amin'ny fo miaraka amin'ilay—ilay ondry vitsy, ireo olona eto, izao fotsiny—miresaka aminareo fotsiny—avy amin'ny fonsika. Indraindray aho dia mieritreritra fa manao soa kokoa noho ny mitory toriteny iray izany, somary mifankahazo tsaratsara kokoa fotsiny.

⁹ Mankasitraka an'Andriamanitra isika nohon'ny nahitantsika an'izay Nataony tamin'ity herinandro ity tao amin'ny valin'ny vavaka, tena niavaka izany. Ary noho izany dia mankasitraka isika, tena mankasitraka mihitsy.

¹⁰ Ary hitantsika fa manatona ny fotoana sy ny andro farany, mahafantatra fa misy zavatra vonona hitranga. Ary tsy misy anankiray izay tsy mahafantatra fa marina izany, raha izy no—raha mpieritreritra iray izy. Fantatsika, mijery an'izany isika manerana an'ireo ny taona, ny tsirairay avy dia nandinika an'izany. Saingy, fantatrareo, be loatra ny mitranga ankehitriny. Isika—fantatsika fa marina izany...tsy mety ho lavitra. Ary ankehitriny dia hiresaka eo amin'ny sasany amin'izany angamba aho ao anatin'ny fotoana fohy.

¹¹ Fa ndao isika ankehitriny, mba hanombohana, hanondrika ny lohantsika fotsiny ho an'ny tonom-bavaka iray. Ary raha mbola miondrika ny lohantsika, dia manontany aho raha misy zavatra ao am-pontsika, izay tiantsika ho tsarovana ao amin'ny vavaka eo anatrehan'Andriamanitra. Raha hisy izany, dia atsangano fotsiny ny tãnanareo. Hahazo Izy, Fantany ny rehetra mikasika an'izany. Fangatahana iray fotsiny izay tianareo holazaina hoe, "Andriamanitra, tsarovy aho." Ny Tompo hitahy ny tsirairay avy aminareo.

¹² Ry Rainay any An-danitra, raha manatona an'ity Seza fiandrianan'ny fahasoavana ity izahay izao hariva izao, izay Nanasanao anay tamim-pahasoavana mba ho tonga ampahasahiana eo anoloan'ny Seza fiandrianan'Andriamanitra sy ny Fahasoavany, mba hangataka an'izay fangatahana rehetra izay ilainay. Ianao no niteny taminay fa raha roa na telo izahay no miara-mivory ary miangona amin'Ny Anaranao, dia ho eo afovoanay Ianao. Ary amin'izay fotoana izay na inona na inona irianay, raha mangataka an'izany izahay, dia tokony ho azonay izany raha hino fotsiny izahay fa ho azonay izany.

¹³ Fantatrao ireo toeran'ny andro sy ireo toeran'ny fiangonana ary ny olona, sy ny fangatahanay eo Anatrehanao. Ankehitriny, efa Hitanao ireo tãnana, Tompo. Fantatrao ny fon'ny olona, sy ireo faniriany ary ireo ilainy. Ary hitanay fa manatona ny fotoana, miangona akaiky izany ankehitriny, ireo rahona lehibe ary mipetraka. Ireo zavatra izay notenenin'ireo mpaminany anjatony taona maro lasa izay, dia hitanay fa tsy mbola nitranga mihitsy hatramin'ity fotoana ity, ary eto dia hitanay ao amin'ny andronay mihitsy izany.

¹⁴ Ankehitriny dia mivavaka izahay, Ray, mba Hanekenao ho anay an'ireto fitahiana izay angatahanay ireto. Sitrano ny marary sy ny ory. Avereno ao amin'Ny Fiangonanao, Tompo, ny hery velon'ny Fanahy Masina, ny finoana velona mba inoanay an'izay angatahinay. Mino izahay fa mandray an'izany satria azonay antoka fa sitrapon'Andriamanitra ny hanome an'izany ho anay alohan'ny angatahanay. Tsy mangataka diso izahay, fa mangataka nohon'ny amin'ny Fanjakan'Andriamanitra izahay, noho izany dia mivavaka izahay mba Hanekenao an'izany ho anay.

¹⁵ Tahio ny fiarahanay mivory, ny pasiteranay, ireo mpiasan'ny fiangonana, ny olona tsirairay, ny mambran'ny Vatan'i Kristy izay manatrika. Ireo izay tsy mambran'ny Vatan'i Kristy, mitady fialofana amin'izao andro izao any ho any, mividy fialofana amin'ny baomba ho an'ny tokotany aoriana, Andriamanitra, enga anie izy ireo ho eo ambanin'ny fialofam-piarovan'ny Tompo Jesosy, mahafantatra fa rehefa tapitra ity fiainana ity dia misy Fiainana any ankoatran'ity. Misaotra Anao nohon'ny teny fikasana.

¹⁶ Omeo anay ny valin'ireto fanontaniana ireto izao hariva izao, mba ahafahanay manome fahafaham-po ny fo tsirairay amin'Ny Teninao. Fa mangataka an'izany amin'ny Anaran'i Jesosy izahay. Amena.

¹⁷ Manatona ny fihavian'ny Tompo, antoka lehibe toy ny inona izany!

¹⁸ Niresaka aho vao teo, olona iray nilaza zavatra mikasika ny *fiantohana*, niaraka tamin'ny Business Men aho vao tsy ela akory izay tao amin'ny iray tamin'ireo fivorian'izy ireo,

fivoriana iraisam-pirenena. Vao avy nanatrika anankiray aho, isam-paritra. Miresaka ho an'ny Full Gospel Business Men aho, maneran-tany. Ary noho izany ity—ity fivoriambe ity dia tany amin'ny Morontsiraka Andrefana, ary ireo olo-malaza rehetra nipetraka tany avy amin'izao tontolo rehetra izao, niaraka... tena niakanjo sy nihaja. Hoy ny iray tamin'izy ireo tamiko hoe, "Nandre olona iray aho niantso anao hoe 'Reverà.'"

Hoy aho hoe, "Eny, tompoko."

Hoy izy, "Mpitory teny iray ve ianao?"

Hoy aho hoe, "Eny, tompoko."

Hoy izy hoe, "Inona no ataonao miaraka amin'ireto mpandraharaha ireto?"

Hoy aho hoe, "Izaho—mpandraharaha iray aho."

"Oh?" Hoy izy, "Karazan-draharaha inona no misy anao?"

Hoy aho hoe, "Antoka."

¹⁹ Diso fahazo ahy izy, nihevitra izy fa ny tiako lazaina dia *fiantohana*. Noho izany dia hoy izy tamiko, hoy izy hoe, "Orinasa inona no iarahanao?"

Hoy aho hoe, "Ny Orinasan'ny Lanitra."

Hoy izy hoe, "Tsy mino aho fa mahafantatra an'izany anankiray izany."

Hoy aho hoe—hoy izy, "Inona—karazana fiantohana inona no amidinao?"

²⁰ "Tsy mivarotra mihitsy aho," hoy aho, "tsy nilaza mihitsy aho hoe *fiantohana*, nilaza aho hoe *antoka*."

Hoy izy, "Inona no tianao lazaina?"

Hoy aho hoe:

Antoka voatahy, ahy Jesosy!

Oh, fanandramana mialoha iray an'ny voninahitra
any An-danitra toy ny inona!

Mpandova famonjena, novidian'Andriamanitra,
Nateraky Ny Fanahiny, voasasa tamin'Ny Ràny.

²¹ Noho izany, tamin'io hariva io rehefa nampahafantarina an'ilay fandaharan'ny televiziona aho, dia noteneniko izany. Dia hoy aho hoe, "Ankehitriny, izaho—manana fifanarahana aho eto raha ianareo olona eto na any ivelan'ny tanàna, izay liana amin'ny fifanarahana iray, tiako ny hiresaka an'izany aminareo aorian'ny fivoriana mihitsy. Antoka, antoka voatahy!"

²² Ankehitriny, nieritreritra aho, amin'ny fametrahana an'ireto fanontaniana ireto, mety hanome ahy fanatonana kely amin'ny—ny eritreritrareo izany. Nanana anankiroa aho. Ary rehefa niditra teo am-baravarana aho dia nilaza i Billy fa misy betsaka, saingy, mazava ho azy, tsy nanana anjara nijery azy ireo aho. Ary te-hahazo antoka aho fa marina araka ny Soratra

ny ahy alohan'ny amaliako azy, satria ianareo dia...tiako ho tahaka an'izany ilay izy, na alohan'ny hamaliako azy. Noho izany dia afaka mitahiry an'ireto ho an'ny fotoana iray hafa angamba aho. Ankehitriny, anankiray amin'ireo...Ary amin'ny famaliana an'ireto fanontaniana ireto ankehitriny, tsarovy, fa manao ny tsara indrindra izay vitako fotsiny aho.

²³ Tsy mamaly fanontaniana any ivelan'ireo fivoriana aho. Nanandrana an'izany aho indray mandeha dia tratry ny olana. Diso fahazo ahy izy ireo. Mikasika an'Atoa. Allen izany, na mikasika ny porofon'ny rà sy ny menaka sy ny sisa, amin'ny tânana sy ny tarehy, hoe porofon'ny Fanahy Masina. Hoy aho hoe, “Eny, tsy fantatro ny mikasika an'izany,” hoy aho, “tsy mbola nahita zavatra mikasika an'izany mihitsy aho tao amin'ny Soratra.” Hoy aho hoe, “Fa izaho—mino aho fa izaho dia... afaka mitory tahaka an'io rahalahy io, Tsy te-hipetraka eo ambonin'ny fahatsapana aho. Mitory ny Filazantsara fotsiny aho,” ary nanohy.

²⁴ Ary noho izany dia nandefa taratasy izy ireo, iraisam-pirena, “Rahalahy Branham malala...” noho izany dia nandeha hatraiza hatraiza ilay izy. Ary diso fahazo an'ilay izy fotsiny izy ireo. Ary nandefa an'ireo horonam-peo ho azy ireo izahay dia namela azy ireo handefa an'izany indray ka hahita fa izaho... Nilaza izy ireo fa izaho dia “nanameloka an'ilay lehilahy.” Izaho—tsy nanameloka aho. Tsy nanameloka rahalahy iray mihitsy aho. Indraindray dia mety tsy mifanaraka amin'izy ireo aho, saingy eo amin'ny fototra ara-pisakaizana izany.

²⁵ Ary avy eo teto vao tsy ela akory izay dia nanoratra boky iray ny lehilahy iray mikasika, ity lehilahy ity, mikasika ny, *Kaikitry Ny Devoly*. Dia nieritreritra aho fa izany no ho fotoana, angamba, handoavana, na hampahafantarana azy. Ary ilay lehilahy nanoratra ny boky dia nanakiana ny evanjelista rehetra teny amin'ny saha afa-tsy izaho, ary nipetraka tao amin'ny fivoriako mihitsy izy, noho izany dia hoy aho hoe, “Ankasitrahako, tsy ilay fanakianana, fa,” hoy aho, “ilay rahalahy, am-pahatsorana, izy dia nidera an'izany tao amin'ny *Christian Digest*, nilaza izy fa izaho no anankiray izay tsy nandray rakitra mihitsy, sy nangata-bola tamin'ny olona, sy ny sisa tahaka an'izany, ary nankasitrahany izany.” Ary nipetraka teo ilay lehilahy. Saingy anjara iray izay nahafantarako fa nilaza zavatra izay tsy marina mikasika an-dRahalahy Allen ilay lehilahy.

Hoy izy hoe, “A. A. Allen no nanoratra an'io bokin'ny *Kaikitry Ny Devoly* io.”

²⁶ Ankehitriny, tsy A. A. Allen mihitsy no nanoratra an'io boky io. Fantatro ilay mpanoratra an'io boky io. Dia hoy aho hoe, “Ankehitriny, raha tsy tso-po betsaka ilay lehilahy izay nanoratra azy mba handeha ka hanamarina mba hahita

hoe iza no nanoratra an'ilay izy talohan'ny nanakianany andRahalahy Allen, dia somary mino aho fa tsy tokony nataony tamin'ireto rahalahy ireto ny sasany amin'ireo fanakianany hafa." Hitanareo? Ary nipetraka teo mihitsy ilay lehilahy nanohana ahy. Fa nampahafantarina azy fotsiny fa diso ny filazany, hitanareo, fa tsy Rahalahy Allen mihitsy no nanoratra an'io boky io, ny fanoratana ny *Kaikitry Ny Devoly*.

²⁷ Ankehitriny, amin'ny famaliana an'ireto fanontaniana ireto, dia izy ireo no tsara indrindra amin'ny fahalalako. Ary raha... Hiezaka aho ny hamaly azy ireo amin'ny alàlan'ny Soratra.

²⁸ Ankehitriny, ny voalohany dia hita, mino aho, ao amin'ny Korintiana Voalohany, ny toko faha-7 ary ny andininy faha-15. Noho izany ankehitriny dia hiezaka isika ny handeha eo amin'io Soratra io ka hahita hoe tahaka ny inona izany, ary hahita raha afaka manampy an'ity olona sarobidy izay mametraka an'ilay fanontaniana ity isika. Ankehitriny, Korintiana Voalohany, toko faha-7, andininy faha-15. Ary ataoko fa manatrika ilay olona ankehitriny. Ankehitriny tahaka an'izao no vakin'Izany:

Fa raha ny tsy manam-bady no miala, dia aoka izy hiala. Na rahalahy na anabavy dia tsy voafehy ao amin'izany zavatra izany: fa Andriamanitra efa niantso antsika ho amin'ny fihavanana.

169. Ankehitriny. **Korintiana Voalohany, toko faha-7, andininy faha-15.** Ankehitriny ny fanontaniana izay napetrak'izy ireo: **Rahalahy Branham, midika ve izany fa malalaka mba hanambady indray ny anabavy na rahalahy iray?** Tsia.

²⁹ Hitanareo, tsy azonareo ny fanontaniana eo sy izay lazainy. Tsy malalaka izy ireo. Hitanareo, hanao fifanoherana iray ao amin'ny Soratra izany, fa ny Soratra dia tsy manohitra ny tenany mihitsy. Hitanareo? Ankehitriny, ndao isika... Hitanareo, toy ny hoe afaka manao ny Soratra ianareo (amin'ny famakiana andininy iray fotsiny) hilaza zavatra iray izay tianareo holazainy, mba hifanaraka amin'ny eritreritreareo. Saingy tsy maintsy mandray an'ilay eritreritra izay resahin'izy ireo ianareo.

³⁰ Ohatra raha—raha niresaka tamin-dRahalahy Neville sy ianareo aho—ary renareo aho nilaza ny teny hoe, “tabilao.”

³¹ Ary avy eo dia lasa ianareo, hilaza ianareo hoe, “Fantatreareo ve izay resahany? Nanorisory azy isika izao hariva izao.” Hitanareo? “Tsia,” hilaza ilay lehilahy hafa hoe, “diso izany, izany dia midika fa izy—manana faktiora iray an'ny takela-by iray izy, haloany izany.” Hoy ny iray hafa hoe, “Oh, tsia, tsy izany no tiany lazaina, ilay tabilao eo amin'ny sisin'ny trano no tiany lazaina.” Ary hoy ilay lehilahy hafa hoe, “Tsia, tenenika aminareo hoe inona, mino aho fa niezaka izy ny hiresaka mikasika ny mandavaka lavaka iray.” Hitanareo? Hitanareo?

³² Tokony ho fantatrareo ilay resaka, amin'izay fotoana izay vao ho fantatrareo izay resahanareo, satria eto i Paoly indraindray dia mamaly ny fanontanian'izy ireo.

³³ Indraindray dia hoy izy ireo hoe, “Manohitra ny Tenany ny Baiboly.” Tiako ny hahita an'izany. Tsy manohitra Izy. Izaho dia—roa amby telopolo taona aho no tao ambadiky ny polipitra, tsy mbola nahita fifanoherana iray mihitsy aho. Hitanareo? Tsy manohitra ny Tenany Izy! Izany dia tena... Ianareo no manohitra Azy, hitanareo, ary tsy mahazo Azy. Ny Fanahy Masina dia Mpanambara, Mpanambara ny Teny. Noho izany, ny fifanoherana...

³⁴ Hitanareo, Paoly no manoratra ho an'ireo olona ireo, manao hoe, “Nanontany zavatra *izao-sy-izao* ianareo.” Izy, izao fotsiny, tsy milaza fotsiny izy fa nanontany an'izany ianareo, fa *milaza* an'izany fotsiny izy. Avy eo dia nitodika izy ka namaly azy ireo, izay mifanohitra amin'izay nanontanian'izy ireo.

³⁵ Nanontany izy ireo hoe, “Izahay dia manao an'izao, sy *izao*, ary *izao*.” Ary mitodika i Paoly ka milaza zavatra hafa, hitanareo, toy ny hoe fifanoherana iray ilay izy. Tsy izany ilay izy. Raha hamaky fotsiny an'ilay andininy manontolo fotsiny ianareo, ilay toko manontolo, dia ho hitanareo fa izy dia—miezaka manazava an'izay nosoratan'izy ireo taminy izy.

³⁶ Ankehitriny, eto mihitsy izany dia toy ny hoe nanome... Ary tahaka an'izany no ahitanareo fifanoherana ao amin'ny Baiboly, saingy tsy tahaka an'izany ilay izy. Ankehitriny, ilay izy dia toa, eto, hoe te-hahafantatra ilay olona, na ilay fanontaniana izay tian'izy ireo ho fantatra:

Ny rahalahy iray na anabavy ao amin'ny Tompo ve, dia afaka manambady na manambady indray ka malalaka, raha mandao ny sakaizany izy ireo mba hanambady indray? Tsia.

³⁷ Ankehitriny dia ndao raisintsika, manomboka amin'ny andininy faha-10:

... amin'ny manambady dia didiako, nefa tsy izaho, fa ny Tompo, (Hitanareo?) Aoka ny vavy tsy hiala amin'ny vadiny: (Hitanareo?)

Fa... raha miala izy, dia aoka hitoetra tsy manambady, na aoka hihavana amin'ny vadiny: ary aoka ny lahy tsy handroaka ny vadiny. (Izany no Didin'ny Tompo, hitanareo.)

Fa amin'ny sisa no itenenako, fa tsy ny Tompo: (Hitanareo?) Raha misy rahalahy manam-bady izay tsy mino,...

³⁸ Diniho ankehitriny ny lohaheviny, hitanareo. Ary raha mamaky ny alohan'ity ianareo, manerana an'ilay toko, dia hitanareo fa izy ireo dia nihevitra hoe, “Raha manambady vady

iray isika ka izy dia . . . isika . . . Nanambady aho ary lasa mpino iray, ary tsy mpino ny vadiko, dia avelao aho handroaka azy.” Oh, tsia. Tsy izany ilay izy. Tsy afaka manao an’izany ianareo, Hitanareo? Hitanareo:

. . . Raha misy rahalahy manana vady iray izay tsy mino, ka sitrany ny hitoetra miaraka aminy, dia aoka izy tsy handroaka azy. (Izany dia, tsy nohon’ny fanambadiana, izany dia nohon’ny tsi-finoana. Tsy “hanambady” indray. Hitanareo, mijanona miaraka aminy!)

Ary raha ny vehivavy no manana vady iray izay tsy mino, ary raha sitrany ny hitoetra miaraka aminy, dia aoka izy tsy hiala aminy. (Marina izany! Hitanareo?)

Fa ny lahy tsy mino dia nohamasinina ao amin’ny vavy, ary ny vavy tsy mino dia nohamasinina ao amin’ny lahy: fa raha tsy izany dia tsy nadio ny zanakareo; fa ankehitriny dia masina izy ireo.

Fa raha ny tsy mino no miala, aoka izy hiala.

³⁹ Ankehitriny, raha hoy ilay tsy mino hoe, “Tsy hiaramipetraka aminao intsony aho, lasa Kristiana iray ianao.” Ho . . . Raha miteny amin’ny vadiny ny lehilahy iray hoe, “Satria voavonjy ianao, ary hiala amin’izao tontolo izao izay nisy antsika taloha, dia hiala aminao aho.” Ankehitriny, tsy misy na inona na inona azonareo atao mikasika an’izany, avelao izy handeha. Hitanareo?

⁴⁰ Na hoy ny vehivavy amin’ny vadiny hoe, “Tsy hifangaro amin’io andiana holy-roller io aho. Tsy hanao an’izany aho! Hisaraka aho ka handao anao.” Aza miala amin’ny fiangonana ianareo, avelao izy hiala. Hitanareo?

⁴¹ Ny rahalahy na anabavy dia tsy fehezina izany, izany hoe, raha mandroaka anareo ny sakaizanareo ka te-hiala amin’izany. Tsy mila mitazona azy ireo mihitsy ianareo. Raha te-handao anareo izy ireo ka handao anareo nohon’ny anton’i Kristy, dia avelao izy ireo hiala. Saingy tsy afaka manambady indray ianareo! “Fa Andriamanitra efa niantso antsika ho amin’ny fihavanana.” Hitanareo? Ankehitriny, tsy hoe afaka manambady indray ianareo, efa nilaza an’izany izy, fa tsy voatery hiaina miaraka amin’ny vady lahy tsy mino na vady vavy tsy mino ianareo raha tsy manaiky izy ireo.

⁴² Raha manaiky izy ireo, manao hoe “Ankehitriny, mandehana ianao any am-piangonana, raha te-handeha any ianao, raharahanao izany. Raha te-handeha any am-piangonanao ianao, dia mandrosoa. Ho ahy, tsy mino an’izany aho. Ary izaho—hanao ny zavatra rehetra ho anao aho, tsy hitsangana eo amin’ny lalanao aho, mandrosoa ianao,” amin’izay fotoana izay dia mijanona eo fotsiny ianareo, tsy mahafantatra fa ny fiainanareo nohamasinina no hanamasina an’io mpino io,

hahatonga azy ireo hino. Hitanareo? Ny andaniny roa, lehilahy na vehivavy, hitanareo. Ianareo. . .

43 Fa ankehitriny ny milaza fotsiny hoe, “Izaho, Rahalahy Branham, dia nanambady ary tsi-mpino iray ny vadiko, ary indro misy anabavy iray eto izay azoko vadiana. Hiala amin’ity anankiray ity aho ary hanambady an’itsy anankiray itsy.” Oh, tsia! Tsia, tokoa! Ny voadinareo dia mandra-pahatongan’ny fahafatesana hampisaraka anareo, ary tsy misy na inona na inona hafa eto amin’izao tontolo izao hamela anareo hanambady ao amin’ny Baiboly, raha tsy maty ny sakaizanareo. Marina izany. Ireo antony tokana, tsy misy fanambadiana indray na aiza na aiza mihitsy, afa-tsy hoe maty ny sakaiza. Izay ihany. Hitanareo?

44 Tsy afaka hanao Azy hanohitra ny Tenany ianareo. Noho izany dia vakio fotsiny ireo andininy aloha sy aoriana, dia ho takatrareo avy eo izay resahany. Ankehitriny, izany dia midika eto, tsy. . . Hitanareo:

Midika ve izany fa malalaka mba hanambady indray ny anabavy na rahalahy iray?

45 Tsia, tompoko. Hitanareo, nanazava an’izany izy aloha. Hitanareo:

. . . amin’ny manambady dia didiako, nefa tsy izaho, fa ny Tompo, Aoka ny vavy tsy hiala amin’ny vadiny:

Fa raha miala izy, dia aoka izy hitoetra tsy manambady, na aoka hihavana amin’ny vadiny: . . . (Hitanareo?)

46 Tsy misy izany zavatra izany hoe mpino iray hany efa nihavana hanambady indray, miaraka amin’ny sakaiza iray velona.

Ankehitriny, ity misy iray hafa. Ny faharoa dia tahaka an’izao:

170. Karazana vatana inona no hananan’ny ratsy fanahy amin’ny fitsanganana farany eo amin’ny Seza fiandrianana Fotsy Lehibe an’ny Fitsarana?

47 Io mpanota io dia hitsangana amin’ny fitsanganana mba hotsaraina ao amin’ily vatana izay nanotàny. Hitanareo? Tsy maintsy hiaritry ny Fitsarana izy amin’ny fitsanganana.

48 Ny *fitsanganana* dia tsy fanoloana, izany dia “nampiakatra an’izay nilatsaka.” Rehefa nitsangana tamin’ny maty Jesosy, dia Izy no ily vatana iray ihany izay nidina, natsangana tao amin’io karazana vatana iray ihany io Izy. Mitsangana ao amin’ily vatana iray ihany izay andehanantsika midina isika; fitsanganana iray izany, fa tsy fanoloana.

49 Ankehitriny, ny Baiboly dia milaza fa ny, fa isika dia hotsaraina araka ny fahotana natao tao amin’ny vatana. Ary,

rehefa mitsangana ny ratsy fanahy, dia hotsaraina ao amin'ilay vatana iray ihany izay nanotany izy, ilay zavatra iray ihany.

171. “Adama nahalala an’i Eva vadiny; ary” fanohizan-teny “nanan-anaka izy, ka niteraka an’i Kaina.” Mino an’izay rehetra ampianarinao aho, fa ahoana no—ahoana no hamaliako olona iray izay—izay milaza fa tsy nanan-anaka izy taorian’ny nahalalan’i Adama azy, noho ilay fanohizan-teny hoe *ary*? “Adama nahalala ny vadiny; ary nanan-anaka izy, ka niteraka an’i Kaina.”

⁵⁰ Ankehitriny, isika olon-dehibe dia mahafantatra hoe inona no dikan’ny *nahalala*. Ankehitriny, ilay fanontaniana dia mikasika an’ilay fanohizan-teny. Ankehitriny, raha handinika ianareo, ry sakaiza, hitanareo, ianareo—tsy afaka hanao ny Baiboly hilaza zavatra anankiray mihitsy ianareo eo amin’ny toerana anankiray ary zavatra iray eo amin’ny zavatra hafa. Tsy maintsy milaza an’ilay zavatra iray ihany foana Izy. Ary raha manao Azy milaza zavatra iray ianareo eto ary zavatra hafa eto, amin’izay fotoana izay dia ny fandikanareo no diso. Hitanareo? Tsy afaka manao an’izany ianareo. Tsy afaka hahita an’i Eva ho voafitaky ny menarana ianareo ary avy eo hahita azy any ankafa any ho any voafitaka indray. Hitanareo? Ary ny fotoana voalohany naha-voafitaka azy dia rehefa nanan-anaka izy. Tsy afaka hanao azy ho voafitaka indroa ianareo.

⁵¹ Mamelà ahy haneho fotsiny aminareo ny amin’ireo fanohizan-teninareo. Eo am-pamakiana ny Baiboly dia tsy maintsy fantatrareo hoe aiza no ametrahana an’ireo fanohizan-teninareo. *Fanohizan-teny* dia mampifandray ny fehezan-teninareo miaraka. Hitanareo? Diniho ity ankehitriny. Ankehitriny, ao amin’ny Genesisy 1:26, diniho ity fanohizan-teny ity, ary avy eo dia azavao izany ary avy eo dia hoteneniko aminareo hoe ahoana izy . . . rehefa nahalala ny vadiny i Adama. Genesisy, ny toko faha-1, ary manomboka amin’ny andininy faha-26. Ankehitriny, henoy tsara. Andriamanitra efa nanao ny Zava-boahariny ankehitriny, ary navelan’Andriamanitra ny tany havoaka an’ireo zavatra mandady sy ireo zavatra rehetra izay navoakan’ny tany. Ankehitriny, ao amin’ny toko faha-26 . . . andininy faha-26 an’ny toko faha-1-n’ny Genesisy:

Ary Andriamanitra nanao hoe, Ndao isika hamorona olona tahaka ny endritsika manokana, araka ny manokana—tarehintsika manokana: . . . aoka izy ireo (olona) . . . (tsy izy; “izy ireo,” hitanareo, maro) hanjaka amin’ny trondro ao amin’ny ranomasina, ary eo amin’ny voro-manidina eny amin’ny habakabaka, ary amin’ny biby fiompy, sy ny eo amin’ny . . . (Hitanareo ve ireo “ary, ary, ary” mamatotra miaraka?) . . . eo ambonin’ny tany, sy amin’ny zavatra mandady rehetra izay mandady amin’ny tany.

Ary Andriamanitra namorona ny olona tahaka ny endriny manokana, tahaka ny endrik'Andriamanitra no namoronany azy; lahy sy vavy no namoronany azy ireo (lehilahy sy vehivavy).

Ary Andriamanitra nitso-drano azy ireo (taorian'ny Famoronany azy, arak'izany) ary...nanao tamin'izy ireo hoe, Maroa fara, ary (ary) mihabetsaha, ary mamenoa ny tany, ka mampanompoa azy:...

⁵² Fanohizan-teny aorian'ny fanohizan-teny ny amin'ny...Tsy maintsy mihabetsaka ny olona. *Ary*, rehefa avy mihabetsaka, amin'izay fotoana izay dia mampanompo ny tany; hatrany amin'ny Arivo taona izany. Hitanareo? Eny àry, “Mampanompoa ny tany.” Eny àry:

...ary manjakà amin'ny trondro ao amin'ny ranomasina, ary...ny voro-manidina eny amin'ny habakabaka, ary amin'ny zavatra manan'aina rehetra izay mihetsiketsika eo ambonin'ny tany.

⁵³ Ankehitriny, Andriamanitra dia namorona ny olona araka ny Endriny Manokana, namorona, aoka izy ireo, ilay olona, hanjaka amin'ny tany rehetra, hampanompo azy ary ny zavatra rehetra, ary aoka izy ireo hanao an'izany ka hanjaka amin'ny trondro amin'ny...sy ny zavatra rehetra izay Nataony. *Ary* avy eo dia mahita isika, ao amin'ny Genesisy 2:7...Henoy ity. Rehefa vitan'Andriamanitra ny tany, namorona ny olona, nanome azy ny fanapahana ambonin'ny tany, nanome azy ny zavatra rehetra nananany, ary Andriamanitra namorona azy ireo, niteny tamin'izy ireo mba hiha-...hihabetsaka sy hameno ny tany, ary ireo zavatra rehetra ireo, ary aorian'ireo andininy fito maro mikasika an'ireo zavatra izay efa Vitany, ary ny lanitra sy ny tany sy ny zavatra rehetra, “*Ary* vovo-tany no nanaovan'ny Tompo Andriamanitra ny olona.” “*Ary!*” Indro Izy (“*ary*” *fanohizan-teny*) manao olona iray izay efa Nataony. Hitanareo? Manao olona iray:

Ary(mamatotra ny Fehezan-teniny miaraka)Andriamanitra dia nanao ny olona avy tamin'ny vovo-tany, ary nofononiny (ny fofonaina) ny vavorony fofonaina mahavelona; ary tonga fanahy velona ny olona.

⁵⁴ Ankehitriny, eritrereto izany! Rehefa avy nanao ny olona Izy, vehivavy sy lehilahy, ao amin'ny Genesisy 1:26 ka hatramin'ny 28, nanao ny olona araka ny Endriny Manokana Izy, namorona azy ary nanome azy, nampanompo an'ireo fanjakana, ary nanome azy an'ireo fahefana rehetra ireo sy ny zavatra rehetra, kanefa tsy mbola namorona ny olona mihitsy Izy.

⁵⁵ Hitanareo, efa namitaka an'i Eva i Satana. Mazava ho azy, fa nahalala azy i Adama, saingy efa voafitaka izy. Satria eto mihitsy izy...rehefa izy ireo...alohan'ny nahatongavan'izy

ireo. . . Rehefa tonga teo amin'ny fitsarana izy ireo, Hoy izy. . . Ary Andriamanitra nitondra azy ireo niaraka ka nanao hoe, "Iza no nanao an'io?" Nametraka an'ilay fanontaniana tamin'izy ireo.

Hoy i Adama hoe, "Ny vehivavy izay Nomenao ahy."

Ary hoy ravehivavy hoe, "Ny menarana no namitaka ahy."

⁵⁶ Ary nametraka ozona teo amin'izy ireo Andriamanitra, sy ny zavatra rehetra tahaka an'izany. Ary *avy eo* dia nahalala ny vadiny i Adama, hitanareo, rehefa avy voafitaka izy ka lasa reny iray. Mitovy tamin'ny nanaovan'Andriamanitra ny olona eto mihitsy ao amin'ny Genesisy 1:26 kanefa tsy mbola vita mihitsy izy. Hitanareo? Eny àry.

⁵⁷ Diniho ankehitriny, ndao isika hidina eto ary hamaky, ihany koa:

Ary Adama niantso ny vadiny. . . Eva; satria izy no renin'ny zavatra manan'aina rehetra, ny rehetra. . . na renin'ny velona rehetra. Niantso ny vadiny. . . niantso an-dravehivavy vadiny satria izy no. . . na vehivavy satria izy no. . . an'ny zavatra manan'aina rehetra.

Ary ho an'i Adama koa sy ho an'ny vadiny no nanaovan'ny TOMPO. . . nanamboatra akanjo hoditra hanarona azy ireo.

⁵⁸ Ankehitriny, mariho indray ankehitriny ao amin'ny Genesisy, 1:21, Andriamanitra dia namorona ny trozona tao amin'ny ranomasina. Nanao ny zavatra rehetra Izy, ary nanao ny zava-boahary, nanao ny olona araka ny Endriny Manokana. Nanao ny olona, tsy lehilahy "iray," olona manontolo, izy rehetra araka ny Endriny Manokana. Hitanareo? Ary araka ny endrik'Andriamanitra no Namoronany azy ireo; lahy sy vavy, namorona azy roa tahaka an'izany.

⁵⁹ Ary ankehitriny dia mahita isika, eto indray, rehefa avy nanao ny olona araka ny Endriny Manokana Izy, rehefa avy namorona azy Izy teto lahy sy vavy, dia manao ny olona Izy eto avy amin'ny vovoky ny tany.

⁶⁰ Ary avy eo, rehefa avy nanao an'izany Izy, rehefa avy nanao azy lahy sy vavy Izy, dia miverina eto Izy ka manao vehivavy iray ho azy, rehefa avy nanao azy Izy. Hitanareo?

⁶¹ Hitanareo, ny fanohizan-teninareo dia mamatotra an'io fehezan-teny io miaraka izany. Mitovy fotsiny amin'izay voalaza, ankehitriny, *eto*, "Andriamanitra dia namorona ny olona araka ny Endriny Manokana, araka ny Tarehiny no Namoronany azy," izany no Andriamanitra miteny ao amin'ny Eritreriny, ao amin'ny Sainy, izay Nananany. *Eto dia* izay Nanaovany tokoa an'ilay asa.

⁶² Jesosy no Zanak'ondry voavono hatramin'ny fanorenana an'izao tontolo izao; tsy novonoina efatra arivo taona taty aoriana Izy. Hitanareo?

63 Noho izany dia namitaka an'i Eva ny menarana. Tena marina izany. Ary avy eo rehefa voapetraka ny fitsarana, tamin'izay fotoana izay vao nahalala ny vadiny i Adama. Ary avy eo dia nanan'anaka izy ka niteraka zazalahy iray, Kaina. Azonareo ve ilay izy? Hitanareo, ilay fanohizan-teny dia manohy fotsiny an'izay nataon'i Adama, fa tsy izay efa vita talohan'i Adama.

64 Ary jereo eto, raha te-hitondra an'izany ianareo, ao amin'io fanambarana lehibe eto io, mino aho fa hitantsika izany eto amin'ny. . . ary eto amin'ny toko faha-4, mino aho fa izay ilay izy.

Ary Adama nahalala . . . ny vadiny; dia nanan-anaka izy, ka niteraka an'i Kaina, ary (fanohizan-teny iray) hoy izy hoe, Efa nahazo lehilahy avy tamin'ny TOMPO aho.

65 Noho izany dia tsy i Adama tokoa ilay izy, zanak'Andriamanitra tamin'ny alàlan'izany ilay izy. Hitanareo? Hitanareo? Raha te-hametraka ny fanohizan-teninareo eo amin'izay misy azy ianareo, hitanareo (“ary” indray), “Nahazo lehilahy avy tamin'Andriamanitra aho.” Noho izany dia nilaza fa Andriamanitra no nanome azy an'io zavatra manavakavaka antsoina hoe Kaina io. Avy taiza io loharanon'io ratsy sy fahaloana rehetra sy ny sisa izay nananan'i Kaina io, avy tamin'Andriamanitra ve? Tsy mety ho izany! Hitanareo? Voafitaky ny menarana izy, ary ny menarana . . . efa lasa reny izy. Avy eo dia nahalala azy Adama, nahalala tokoa izy, nandeha izy ka niaina niaraka taminy ho vady iray, saingy efa ho renin'io zaza io izy.

66 Ary noho izany rehefa teraka ny zanak'i Adama tamin'ny farany, dia olona malemy fanahy iray izy, mora fanahy, manetry tena, tsara fanahy tahaka an'i Adama.

67 Fa ity lehilahy ity, avy taiza io lainga mangarangarana io, avy taiza io fahotana io? Taiza ity lehilahy ity, Kaina, io mpamono olona io? Ary ny Baiboly dia nilaza fa “Mpamono olona iray ny devoly.” Avy taiza io lainga io? (Ny devoly no rain'ny lainga; mpandainga izy ary rain'ny lainga.) Tsy maintsy avy amin'ny loharano any ivelan'Andriamanitra izany. Noho izany dia i Kaina no ilay ratsy, ary Satana no rainy; ary izany no niteraka an'io anankiray ratsy io.

Ary avy eo, mazava ho azy, dia nahalala ny vadiny i Adama, izany tokoa.

68 Ary, hia, angamba raha nilaza tahaka an'izao ianareo. Mety hilaza aho, maka ny tenako, eny, ankehitriny, teraka i Rebekah, ary afaka kelikely dia tonga . . .

69 Namaky ny tantaran'i Josefa aho indray andro, ary tena nientanentana aho tamin'ny tantaran'i Josefa. Niditra tao anaty efitrano kely iray aho ary nandohalika, tany Minneapolis, ka hoy aho hoe, “Tompo Andriamanitra, toy ny ahoana no

isaorako Anao ny amin'ny lehilahy iray tahaka an'i Josefa!" Dia nieritreritra aho hoe, "Raha izaho izaho... Naniry aho ny hanome anarana an'i Billy Paul hoe, 'Joseph,' arak'io toetra ambony io." Tsy misy marika anankiray manohitra azy na aiza na aiza ao amin'ny Baiboly, tandindon'i Kristy tanteraka amin'ny lafiny rehetra. Nieritreritra aho hoe, "Toy ny ahoana no hitiavako..." Hoy aho hoe, "Oh, raha nanana zazalahy iray aho, dia ho nomeko anarana izy hoe 'Joseph.'"

⁷⁰ Ary tamin'izay fotoana izay dia niditra tao amin'ny tranobe ilay Hazavana ka nanao hoe, "Hahazo zazalahy iray ianao ka hiantso ny anarany hoe 'Joseph.'"

⁷¹ Nahalala ny vadiko aho, azo antoka, dia niteraka an'i Sarah izy. Avy eo dia nahalala ny vadiko aho *ary* niteraka an'i Joseph izy. Hitanareo ve ny tiako lazaina? Hitanareo, tsy nisy nidiran'izany tamin'ilay voalohany. Nisy ny fampanantenan'Andriamanitra dia "Joseph," Sarah dia tonga teo anelanelan'izany. Tsy mametraka an'i Sarah ao anatin'izany karazana fahasarotana izany, fa mba hanehoana aminareo fotsiny hoe inona aho—inona no tiako lazaina. Hitanareo, izany... Sarah dia nalefan'Andriamanitra, ihany koa. Ary noho izany dia fantatsika izany.

⁷² Ankehitriny, saingy, hitanareo. Andriamanitra, rehefa namoaka ny fitsarana teo amin'i Adama sy Eva Izy, efa nanota izy talohan'ny Nahafahany namoaka ny fitsarana. Ary, henoy, efa mba fantatrareo ve fa ny zaza voalohany izay hany nateraka teto amin'izao tontolo izao dia "nateraka tao amin'ny fahotana, notorotoronina tamin'ny heloka, tonga teto amin'izao tontolo izao miteny lainga"? Ilay tena anankiray voalohany indrindra izay hany nateraka dia teraka tahaka an'izany, satria...

⁷³ Hoy ianareo hoe, "Ahoana ny amin'i Adama sy Eva?" Tsy nateraka izy ireo. Noforonina izy ireo. Hitanareo?

⁷⁴ Fa ny zaza voalohany hany tonga dia nateraka tao amin'ny fahotana, noho izany dia tsy maintsy ho izany laharana izany ilay izy. "Ny olona izay natera-behivavy dia vitsy andro sady feno fahoriana." Nateraka tao amin'ny fahotana izy. Izany no antony hoe tsy maintsy hateraka indray izy, hitanareo, amin'ny alàlan'ny Fanahy; tsy amin'ny alàlan'ny *eritreritra* ara-panahy; amin'ny alàlan'ny Fahaterahana ara-panahy, hitanareo, izay manavao azy indray, manao azy ho olom-baovao. Ilay olona voalohany izay nateraka dia nateraka tao amin'ny fahotana.

⁷⁵ Noho izany, tsy maintsy nisy Anankiray tonga tsy tamin'ny alàlan'ny fananahana. Ankehitriny, raha tsy fananahana ilay zavatra voalohany, amin'izay fotoana izay dia nahoana izy ireo no tsy maintsy mahazo Anankiray tamin'ny fananahana mba hanavotra ny taranak'olombelona manontolo? Nahoana Izy no tsy nampidina anankiray fotsiny teo amin'ny lalantsara ka nanao hoe, "Ity ilay Anankiray marina izay *misaina* marina?"

Tsy maintsy tonga tamin'ny alàlan'ny fananahana izany, tonga tamin'ny alàlan'ny vehivavy, satria teo no nivoahany voalohany. Tamin'ny alàlan'ny fananahana, no nitondra ny tsy fahamarinana; ary tamin'ny alàlan'ny fananahana, no nitondra ny Fahamarinana. Hitanareo? Andriamanitra, tsy nisy fijangajangana, tsy nisy filàna ara-nofo, dia niteraka an'i Jesosy Kristy tamin'ny alàlan'ny fananan'anaka madio, tamin'ny alàlan'ny fanalofana an'i Maria ka namorona tao aminy an'io Zazakely io; izay tonga avy tamin'ny fananahana. Ary, tamin'ny alàlan'izany, Ny Rànny Masina no nanavotra an'ilay taranaka lavo manontolo. Hitanareo? Noho izany dia tsy maintsy ho izany ilay izy, tsy misy fomba hafa ho an'izany.

⁷⁶ Ny olona rehetra natera-behivavy dia an-dàlana mankany amin'ny fahafatesana, maty izy rehefa nateraka. Marina izany.

⁷⁷ Izany no antony niresahako indray andro hoe ahoana fa manana an'io antoka voatahy io isika ankehitriny.

⁷⁸ Rehefa Israely. . . Tsy izany ve. . . Miteny zavatra maro izay tsy misy idirany amin'izany aho, fa indraindray manome ahy zavatra iray ny Tompo ka mampiantanentana ahy fotsiny izany. Noho izany rehefa nanome ahy an'izany Izy, dia mampiantanentana ahy mihoatra noho izay rehetra nananako nandritra ny taona maro izany. Rehefa nanome ahy an'izany Izy indray andro, rehefa nahita aho fa Israely, andevo iray, dia tsy nanana trano, zanak'Andriamanitra. Nanipazana mofa bobongolo tao, ny zavatra rehetra izay tian'izy ireo hatsipy! Oh, raha afaka nanana trano iray izay nahafahan'izy ireo niaina ampiananana fotsiny mantsy izy ireo, nanao ny fivelomany tamin'ny alàlan'ny hatsembohan'ny handriny!

⁷⁹ Ary, indray andro, tonga avy tany an-efitra ny mpaminany iray, notarihin'ny Andry Afo iray, ary niteny tamin'izy ireo ny amin'ny tany nampanantenaina iray. Tsy mbola nisy olona hany efa tany, tsy nahafantatra na inona na inona mikasika an'izany izy ireo. Teny fikasana iray izany. Teo ambonin'izany no ninoan'izy ireo sy nanarahany an'io mpaminany io mandrapahatongan'izy ireo teo akaikin'ilay tany nampanantenaina.

⁸⁰ Tamin'izay fotoana izay dia nisy vavolombelona iray nantsoina hoe *Josoa*, izay midika hoe “Jehovah-mpamonjy,” niampita an'i Jordana hankao amin'io tany io, ary niverina niaraka tamin'ny porofo fa io tany io marina tokoa no nolazain'io mpaminany io fa araka ny Tenin'Andriamanitra. Nanana andiana voaloboka izy ireo, nila lehilahy roa hitondra azy, ary afaka nanandrana an'ilay voankazo tany am-boalohany avy tamin'ny tany izy ireo. Tsy nisy olona nahafantatra fa teo ilay tany, nino an'izany fotsiny izy ireo. Nandeha tamin'ny finoana izy ireo ary nino an'izany.

⁸¹ Ankehitriny rehefa nandova ny taniny izy ireo, dia faly toy ny ahoana izy ireo! Afaka niaina am-piadanana ny tsirairay avy,

nanana ny zaridaina keliny, nanana ny zanany sy ny zavatra rehetra. Fa, kanefa, tratry ny fahanterana ihany izy tamin'ny farany, ary nanery azy ny fahafatesana ary naka azy.

⁸² Avy eo dia nidina avy teo amin'ireo làlantsaran'ny Lanitra, tamin'ny alàlan'ny vehivavy iray, ny Mpiady lehibe iray hafa, ny lehibe indrindra amin'izy rehetra, Andriamanitra Izy tenany tonga voaseho tao amin'ny nofo, Jesosy Kristy. Ary niteny tamin'i Isiraely Izy hoe vahoaka malaza iray toy ny inona izy ireo, saingy ny fahafatesana no niatrika azy ireo, Hoy Izy hoe, "Fa tany iray hafa no Teneniko aminareo. Ao an-Tranon'Ny Raiko misy fitoerana maro. Raha tsy izany dia efa niteny taminareo Aho. Faly ianareo ao amin'ny taninareo, manana ny tranonareo ianareo, manana ny zanakareo ianareo. Saingy mandevina ny tsirairay avy ianareo any ary toy ny hoe izay no farany."

⁸³ Hitan'i Joba izany, hoy izy, "Raha maty ny hazo, dia velona indray izy. Fa mandry ny olona ka manolotra ny fanahy, aiza izy? Tonga ireo zanany hanaja azy nefa tsy hitany izany. Oh, enga anie Ianao hanafina ahy ao am-pasana, hihazona ahy ao amin'ny toerana miafina mandra-pahafaky ny Fahatezeranao!" Hoy izy hoe, "Raha maty ny olona dia ho velona indray ve izy?"

⁸⁴ Efatra arivo taona talohan'izany, dia nitady zavatra tany ankoatran'io fasana io izy ireo. Ireo zavatra lehibe rehetra izay nomen'Andriamanitra azy ireo, trano iray, fianakaviana sy zanaka, sy fiangonana iray, sy ny zavatra rehetra, sy ireo mpaminany, sy ny lehilahy malaza hatramin'io fotoana io, kanefa maty ny tsirairay avy ka nandeha nankany amin'ny fasany. Fa indro tonga ny Anankiray ka manao hoe, "Ao an-Tranon'Ny Raiko misy fitoerana maro, ary handeha Aho ka hanamboatra toerana ho anareo." Tahaka an'i Josoa, dia nihaona tamin'Ny Kadesi-barnea-ny Izy.

⁸⁵ Rehefa tonga tao Kadesi-barnea ny Isiraely. . . Ary Kadesy no toeram-pitsaran'izao tontolo izao tamin'izany andro izany, loharano fito avy amin'ny loharano lehibe goavana iray, midika hoe fitsarana, tahaka ny Tranon'Andriamanitra sy ireo Fiangonana izay mivoaka avy ao amin'izany. Ary Josoa, avy tao Kadesi-barnea, dia niampita nankao amin'ilay tany nampanantenaina mba hitondra ny porofo hiverina.

⁸⁶ Ankehitriny, Jesosy dia nihaona tamin'Ny *Kadesiny*. Inona izany? Seza fitsarana! Taiza izany? Teo Kalvary, izay nitsaran'Andriamanitra Azy nohon'ny fahotan'izao tontolo izao. Inona no nataon'izy ireo? Niatrika ny fahafatesana Izy, famalian'Andriamanitra. Mba hampihavanana ny mpanota amin'Andriamanitra, dia maty tamin'ny fahafatesana Izy ary niampita ny reniranon'i Jordana (ny fahafatesana). Nalevin'izy ireo Izy.

⁸⁷ Maty Izy hany ka menatra ny tenany ny volana sy ny kintana. Maty Izy hany ka nanana fahavoazam-pikorontanana

ny tany. Nihozongozona izy hany ka niongotra avy teo amin'ny tendrombohitra ireo vatolampy. Nihozongozona izy hany ka tsy namiratra ireo kintana, tsy namiratra ny volana, ary nilentika teo afovoan'ny andro ny masoandro. Maty Izy! Tena maty ka naka lefona iray folo livatra ny Romana iray ka nanitrika an'izany tao amin'ny Fony tanteraka mihitsy; rano sy Rà. Efa maty Izy! Niampita an'i Jordana Izy. Ary napetrak'izy ireo tao am-pasana Izy ka nanakodia va—vato iray teo amin'izany, nila lehilahy zato hanao an'izany. Efa maty Izy! Nametraka tombokase Romana teo ambonin'izany izy ireo.

⁸⁸ Fa tamin'ny marainan'ny Paska dia niverina avy tany ampitan'i Jordana Izy, ka nanao hoe, “Izaho no Ilay efa maty; ary velona mandrakizay indray!”

Hoy ny sasany tamin'izy ireo hoe, “Mahita fanahy iray isika.”

⁸⁹ Hoy Izy, “Tsapaho aho. Manana nofo sy taolana tahaka ny Ananako ve ny fanahy iray?” Hoy Izy, “Manana zavatra hohanina ve ianareo? Itondray zavatra iray Aho.” Dia nomen'izy ireo trondro sy mofo Izy. Ary Nohaniny izany. Olona iray Izy!

⁹⁰ Inona Izy? Mitondra ny porofo miverina hoe misy Tany iray izay handehanantsika. Inona no Nataony? Izy, tahaka an'i Josoa, nitondra ny porofon'Izany Izy. Hoy Izy hoe, “Ankehitriny, raha mila ny porofon'Izany ianareo, ‘Mibebaha, ny tsirairay avy aminareo, ary aoka hatao batisa amin'ny Anaran'i Jesosy Kristy ho an'ny famelàna ny fahotanareo, dia ianareo handray ny Fanahy Masina.’ Izany no porofo izay nanangana Ahy. Homeko anareo ny Antoky ny lovanareo.” Ary avy eo dia inona no nitranga? Tamin'ny Andron'ny Pentekosta dia tonga teo amin'ny mpino ny Fanahy Masina.

⁹¹ Ankehitriny dia inona no ataontsika? Miaiky ny fahotantsika, manaiky ny tenantsika ho maty, nalevina niaraka Taminy tao amin'ny batisa, nitsangana niaraka Taminy tao amin'ny Fitsanganany. Ho an'ny inona? “Mipetraka ao amin'ireo toeran-Danitra miaraka Aminy.” Eo no misy antsika izao hariva izao, mipetraka (tsy ara-batana) ara-panahy, ny saintsika, ny eritreritsika, ny fanahintsika dia any ankoatra lavitr'ireo fiahian'izao tontolo izao amin'izao ankehitriny izao. Inona isika? “Ao amin'ireo toeran-Danitra ao amin'i Kristy Jesosy.” Ahoana no hidirantsika ao amin'Izany? “Tamin'ny Fanahy iray,” Korintiana Voalohany, toko faha-12, “tamin'ny Fanahy iray no nanaovan'ny Fanahy Masina batisa antsika rehetra ho Vatana iray an'ireo mpino.” Ny Fanjakan'Andriamanitra mahagaga!

⁹² Ao isika no mijery any aoriana ka mahita hoe taiza isika no nandainga taloha sy nangalatra sy namitaka sy nifoka ary nanao an'ireo zavatra izay ratsy. Natsangana avy tamin'izany isika. Ao amin'ireo toeran-Danitra isika. Inona izany? Ny porofo fa indray andro any dia hanana vatana tahaka ny Vatany Manokana be voninahitra isika. Izany no porofo marina an'ny fitsanganana,

satria, amin'ny ampahany, dia efa natsangana niaraka Taminy isika, amin'ny ampahany dia efa maty isika.

⁹³ William Branham izay velona taloha dia tsy velona intsony, efa maty telopolo taona mahery izy, ankehitriny dia olombaovao iray izany. Orman Neville izay velona taloha dia tsy velona intsony, efa maty taona maro talohan'izany izy, olombaovao iray io. Maty i Orman Neville, ilay—ilay mpanao hazakaza-tsoavaly, mpiloka, na inona na inona izy, ilay lehilahy velona taloha dia maty. Tsy fantatro, tsy izany Rahalahy Neville; fa na inona na inona ilay izy, dia meloka amin'izany rehetra izany izy, “Ny meloka amin'ny kely indrindra dia meloka amin'ny manontolo.” Izay hany naha-izy anareo, dia mpanota iray ianareo, izany no maha-izy anareo.

⁹⁴ Ary maty ianareo satria tia an'ireo zavatr'izao tontolo izao. Ary raha mbola tia an'izao tontolo izao foana ianareo, tsy mampaninona na impiry ianareo no miaiky fa *eto* ambony eto ianareo, dia tsy eto ambony eto ianareo, mbola *etsy* ambony *etsy* ianareo. “Izay tia an'izao tontolo izao na ireo zavatr'izao tontolo izao, dia tsy mbola niditra tao aminy ny fitiavana an'Andriamanitra.”

⁹⁵ Fa raha miakatra eo ambonin'izany ianareo hankeo amin'ireo zavatra ny Lanitra amin'izay fotoana izay dia mametraka ny fitiavanareo eo amin'ireo zavatra any ambony ianareo, satria nitsangana niaraka tamin'i Kristy ianareo ary ankehitriny dia mipetraka miaraka ao amin'ireo toeran-Danitra. Mitsahatra manana antoka fotsiny, tsy misy na inona na inona afaka handratra anareo, na inona na inona. Na dia ny fahafatesana izy tenany aza tsy manana . . . tsy afaka manao zavatra iray aminareo. Efa mifikitra ao amin'i Kristy ianareo. Ny antoka, ilay Antoka, ilay anto-bola dia efa nentina, nanaiky an'Izany ianareo. Inona no nataonareo? Mitsangana miaraka Aminy ao amin'ny fitsanganana.

⁹⁶ Mijery any aoriana izay nisy ahy taloha. Eo ambonin'izany aho ankehitriny. Nahoana? Nohon'ny Fahasoavany no Nanandratany ahy, ary indro aho mipetraka ao amin'ireo toeran-Danitra ao amin'i Kristy ankehitriny. Oh, oadray! Eo ianareo izao. Noho izany dia lasa Boky vaovao ny Baiboly. Amin'izay fotoana izay dia mamaky Azy amin'ny alàlan'ny maso ara-panahy sy ny fahazoana ara-panahy ianareo. Avy eo dia hitanareo ireo anarana sy mpisolo anarana, ary avy eo dia hitanareo ireo fihaonana . . . ary ireo fanohizan-teny, no tiako lazaina, sy ny sisa, ao amin'ny Baiboly.

⁹⁷ Oh, eo amin'izay Ilazany . . . Hoy izy ireo hoe, “Manohitra ny Tenany Izy”; *eto* ambony eto ianareo no mamaky. Miakara *eto* ary vakio Izy, hafa Izy rehetra amin'izay fotoana izay. Hitanareo? Marina izany. Azo antoka. Azo antoka, lasa zavatra vaovao manontolo Izy rehefa mamaky Azy amin'ny Fanahy ianareo. Eny.

Ity fanontaniana hafa ity dia tsy tena fanontaniana loatra, izao fotsiny no lazainy hoe:

172. Niaina tao anatin'ny fahotana nandritry ny taona maro aho mandra-pahitako ny Tompo. Azafady, Rahalahy Branham, nanota indray aho ary tsy mendrika ny ho tonga eo anatrehanao ato amin'ity toerana masina ity. Lazao ahy azafady raha azo haverina manontolo indray aho. Ampio aho azafady, Rahalahy Branham, manana devoly iray aho ato anatiko. Ampio aho! Hametraka ny tananao eo amiko ve ianao ka hamerina ahy indray?

⁹⁸ Ankehitriny, misy fanontaniana iray, tsy nahamarika azy mihitsy aho rehefa namaky azy vao teo. Misy fanontaniana iray. Ankehitriny, raha manatrika ity olona ity... Mamelà ahy hamaky azy aminareo fotsiny:

Izaho dia efa niaina—efa niaina tao anatin'ny fahotana nandritry ny taona maro aho mandra-pahitako ny Tompo. Azafady, Rahalahy Branham... (Hitanareo?) ...Efa nanota indray aho ka tsy mendrika ny ho tonga eo anatrehanao ao amin'ity toerana masina ity. Teneno amiko azafady raha azo haverina manontolo indray aho.

⁹⁹ Eny! Tsy nanota ianao, ry sakaizako, hatreto tamin'Andriamanitra ka hoe tsy azo haverina. Raha nanota ianao hatreto ka tsy azo haverina, dia tsy ho *naniry* ny haverina mihitsy ianao. Hitanao? Hitanao? Fa raha mbola misy Zavatra mifanaraka amin'ny fonao foana, dia mbola ao anatin'ny laharan'ny famerenana foana ianao.

¹⁰⁰ “Ny meloka amin'ny kely indrindra dia meloka amin'ny manontolo.” Efa nanota imbetsaka aho, isan'andro ny tsirairay avy amintsika dia manao an'ireo zavatra izay tsy tiantsika hatao.

¹⁰¹ Ilay izy dia ao am-pontsika... Tsy te-ho tahaka an'izany ianao raha tsy izany dia tsy ho nametraka an'ity fanontaniana ity ianao. Hitanao? Izany mihitsy no porofo fa mbola miaramiasa aminao Andriamanitra. Lasa nikorontan-tsaina angamba ianao, angamba nilaza taminao i Satana fa tsy azo averina ianao. Mandainga izy, izany tokoa, izany izy. Satria, jereo, raha misy lalina iray, miantso, dia tsy maintsy misy Lalina iray hamaly an'ilay antso. Raha misy hanoanana Zavatra iray, dia tsy maintsy misy Zavatra iray any ho any raha tsy izany dia tsy ho noana an'Izany ianao. Hitanao?

¹⁰² Araka ny efa nolazaiko imbetsaka. Talohan'ny nananan'ny trondro iray vombony eo amin'ny lamosiny, dia tsy maintsy misy rano aloha hilomanosany raha tsy izany dia tsy ho nanana vombony izy. Talohan'ny nisian'ny hazo iray haniry teto an-tany, dia tsy maintsy nisy tany aloha talohan'ny nisian'ny hazo iray, satria ny tany no tsy maintsy nisy voalohany mba hanirian'ny hazo.

103 Ankehitriny, alohan'ny ahafahan'ny famoronana iray hisy, dia tsy maintsy misy Mpamorona iray mba hamorona ny famoronana. Hitanao ve izay tiako holazaina? Ankehitriny, raha mbola maniry sy noana ny hiverina amin'Andriamanitra foana ianao, dia misy Andriamanitra iray miantso anao any ho any, hitanao, raha tsy izany dia tsy ho noana ianao. Misy Mpamorona iray!

104 Ankehitriny, raha ianao...Misy toerana iray azonao iampitana izay tsy azonao iverenana, izany dia rehefa eo ambany ao amin'ilay toerana izay nisy anao indray ianao. Izany no mampiseho fa *lavo* avy tamin'ny fahasoavana fotsiny ianao. Ny miverin-dàlana dia tsy *very*. Mila olona iray aho hiteny amiko izay misy hoe miverin-dàlana dia *very*, ka hanaporofa an'izany amin'ny Baiboly. Tsy *very* ny mpiverin-dàlana, any ivelan'ny fiombonana fotsiny izy.

105 Niverin-dàlana ny Isiraely fa tsy nahavery ny fanekeny mihitsy izy ireo, verin'izy ireo ny—ny fiderany sy ny fifaliany.

106 Nahavery ny fifalian'ny famonjeny i Davida rehefa naka an'i Batseba, vadin'i Oria, fa tsy nahavery ny famonjeny mihitsy izy. Tsy nilaza mihitsy izy hoe, "Avereno amiko ny famonjeko." Hoy izy, "Avereno amiko ny *fifalian'*ny famonjeko."

107 Oh, misy betsaka ny amin'io fanarahana lalàna io amin'izao andro izao, ny "aza mikasika, aza manandrana." Tsy manao zavatra araka ny lalàna ianareo.

108 Tsy tonga ato amin'ity fiangonana ity araka ny lalàna aho izao hariva izao. Mahatsapa ho reraka aho, izaho—izaho—efa nikorontan-tsaina aho, sorena, manontany aho mikasika ny zavatra eo anoloako, mirehitra ny foko, toy ny hoe midoboboka mihitsy aza ny foko. Tratry ny vonkin'ozatra aho, manaintaina, amin'izao minitra izao mihitsy, mitsambikina aloha sy aoriana fotsiny, ambony sy ambany *eto*. Malemy, mikorontan-tsaina, mangovitra; hazoniko *eto* dia tereko; tery ao anatin'ny kiraroko ireo rantsan-tongotro. Tsy nahatsapa na inona na inona aho afa-tsy ny ho tonga *eto*. Nahoana aho no tonga, arak'izany? Satria tiako Andriamanitra. Velona na maty, tsy maintsy mitsangana *eto* ho Azy aho. Tsy hoe satria voatery hitsangana aho. Tsy Ahoany na nanao aho na tsia. Izaho dia...Raha maty aho dia handeha any An-danitra, na ahoana na ahoana. Fa tonga aho satria tiako Izy. Manompo an'Andriamanitra ianareo satria tia Azy, fa tsy hoe satria tsy maintsy ataonareo fotsiny ilay izy. Satria tia Azy betsaka ianareo!

109 Tsy hoe mahatoky amin'ny vadiko aho satria matahotra aho sao hisaraka amiko izy. Mahatoky aminy aho satria tiako izy. Tsy misy vehivavy hafa *eto* amin'izao tontolo izao afa-tsy izy. Izany no antony mahatoky ahy aminy. Tsy satria...Raha nanao hadisoana aho ka nihevitra izy ireo fa nanao zavatra

ratsy aho, dia manatona azy aho, manao hoe, “Meda, malala, tsy fanahy iniako ny nanao an’izany.” Hamela ahy izy ny amin’izany, fantatro fa hamela izy. Hamela azy aho; tiako izy. Fa izaho—izaho hamela azy; izy hamela ahy. Saingy tsy hanao an’izany ho an’ny inona na inona aho, tiako loatra izy mba hanaovana an’izany. Tsy hoe satria tsy nihevitra aho fa hamela ahy izy, ilay hevitra dia hoe tiako loatra izy mba hanaovana an’izany voalohany. Ary raha mbola tia azy tahaka an’izany foana aho, dia tsy hanao an’izany mihitsy; ary raha tia ahy araka ny tokony hitiavany izy, dia tsy hanao an’izany koa izy.

¹¹⁰ Ary raha tia ny Tompo amin’ny fonoa rehetra ianao, dia tsy mila manahy mikasika an’ireo zavatra ireo. Raha manao fahadisoana ianao, dia tsy minia manota, fa nanao zavatra tsy mety fotsiny. Hitanao, nihemotra ianao. Marina, fa teto ambony teto ianao tao amin’ny fiombonana, nilatsaka tao amin’ity korontana eto ambony eto ity indray.

¹¹¹ Fa inona izany? Izany fotsiny dia tahaka ny—ny voromahery iray. Indray mandeha aho dia nahita, teto tao amin’ny Cincinnati Zoo, nentiko i Sarah ary nandeha tany . . . Raha nisy zavatra hitako izay nandratra ahy, dia ny mahita zavatra voafefy.

¹¹² Tsy tantiko mihitsy ny mahita na inona na inona ao anaty tranom-borona, na dia ireo vorona kely aza. Ary fantatro fa manana an’ireny vorona kely ireny ianareo vehivavy, avotsory izy ireo.

¹¹³ Fony aho zazalahy kely iray dia nilaza aho taloha hoe, “Raha mba hanana anjara aho, rehefa lasa lehilahy iray, dia hitsofoka ao anatin’ny trano tsirairay aho ary hamotsotra an’ireo zalahy kely mahantra ireo.” Eny, tempoko. Hoy aho hoe . . . Mipetraka eo amin’ny masoandro mahamay, ary hoy izy ireo, “Hah, hah, hah,” ary ilay vehivavy any ho any ao ambadiky ny lavarangana mifoka sigara iray, ary io vorona kely mahantra io nipetraka teo may. Tsy afaka manao na inona na inona mikasika an’izany izy, tsy maintsy mipetraka eo fotsiny. Ary tsy nateraka ho an’izany izy! Nieritreritra aho hoe, “Ry tovolahy, raha afaka nitsofoka tao aho ka mamela azy hivoaka, dia tsy ho eo ela loatra izy.” Hitanareo?

¹¹⁴ Halako ny mahita zavatra voafefy. Halako ny mahita olona iray miantso ny tenany ho *Kristiana* nefa avy eo voafefin’ny karazana fanekem-pinoana iray hoe, “Izaho tsy afaka manao, ‘Amena.’ Izaho—tsy mino an’*Izany* aho. Hoy ny pasitera hoe, ‘Aza mino an’*Izany*.’” Oh, oadray, mamindrà fo! Nateraka ho afaka ianareo.

¹¹⁵ Noho izany dia ahoana ny amin’ny voromahery goavana iray? Voron’ny lanitra iray izy. Mipetraka lavitra any ambonin’ny rahona any izy. Any no alehany amin’ny maraina. Tena avo, tsy misy na inona na inona hafa afaka manaraka azy! Tsy misy vorona iray hafa . . . hiparitaka eny amin’ny rivotra izy raha nanandrana nanaraka azy. Vorona namboarina manokana izy.

¹¹⁶ Ary noho izany dia nisy olona nahatratra azy tao anatin'ny fandrika nataon'olombelona, tratrany io voromahery goavana io ka nataony tao anatin'io tranom-borona io. Ary ilay vorona antitra mahantra... Nijery azy aho ka nirehitra fotsiny ny foko. Nijery tamin'ity ilany ity tahaka an'izao izy ka tsy fantany hoe ahoana no ivoahana avy ao amin'io tranom-borona io. Nandeha niampita teo fotsiny izy, ary izy—fantany hoe ahoana no hanidinana, ary nanomboka nanakopaka ny elany izy. Ary indro izy te-handeha, nampidona ny lohany tamin'ireo tsivalam-by izy ary nampihintsana an'ireo volom-borona niala teo amin'ny sandriny, ny volon'ny elatra teto, ary nanerana ny lohany rehetra, hany ka nivoa-drà izy. Nidona mafy tamin'io tsivalam-by io izy ka nanjera azy nitsilany tamin'ny lamosiny mihitsy izany. Ary nandry teo izy ka nanodinkodina ny masonry reraka, niandrandra nankany amin'io lanitra io hoe, "Any no misy ahy. Any ny tranoko. Ho any no nahaterahako. Nefa, jereo, misy tranom-borona iray eo anelanelako sy ny any. Eny, ny zavatra tokana fantatro, dia apetrako eo amin'izany ny saiko ka indro aho tonga," ary "bang," dia miverina avy hatrany indray izy.

¹¹⁷ Nieritreritra aho hoe, "Oh, oadray, tsy mahatsiravina ve izany! Maniry aho ny hivarotan'izy ireo azy amiko. Hataoko antoka ny Ford-ko hividianana azy, hitanareo, mba hamotsotra azy fotsiny." Hitanareo? Oh, nanao ahy hahatsapa tena nalahelo izany, io vorona goavana mahantra teo io, nanakapoka an'ireo volom-borona... Nieritreritra aho hoe, "Izany no fahitana mahatsiravina indrindra hany hitako."

¹¹⁸ Tsia, sintoniko izany, ny fahitana mahatsiravina indrindra hany hitako dia lehilahy nateraka ho zanak'Andriamanitra nefa avy eo voafefy ao anatin'ny fanekem-pinoana iray. Ary miandrandra eo izy ka mahita Andriamanitra iray izay tiany hotompoina marina tokoa, nefa tsy afaka manao an'izany fotsiny izy. Tsy hamela azy hanao an'izany izy ireo, hitanareo, voafefy. Zavatra iray mahatsiravina izany.

¹¹⁹ Eny, eny, ranabavy, rahalahy, na iza no nanoratra an'ity, raha lavo ianao *teto* dia tsy midika izany fa very ianao. Voromahery iray tratra ao anaty fefy fotsiny ianao, izay ihany. Ao anaty tranom-borona ianao eto ao anatin'ny fahotana indray. Tsy teho eo ianao, izany no antony ijerenao mankany ambony. Eo ianareo izao, "Oh, Rahalahy Branham, nipetraka tany ambony aho indray mandeha, misy lâlana iray ve eto?" Eny.

¹²⁰ Izany dia mampahatsiahy ahy indray andro, oh, zazalahy kely iray, nandehandeha tao ambadiky ny toeram-piompiana aho, ary nisy, olona iray izay namatotra goaika antitra iray mba hihazona azy tsy handeha eny amin'ny katsaka. Ary ity vorona antitra mahantra ity dia saika maty noana. Tsy afaka ny ho ratsy fanahy hanao an'izany aho. Nofatorany tamin'ny tongotra ilay goaika antitra, ary nihinana ny zavatra rehetra teo amin'ny

manodidina ilay vorona antitra, tsy afaka nahita na inona na inona hafa izy, nandao azy fotsiny ilay mpamboly. Ary nahantra izy ka izy—tsy afaka nitsangana akory aza izy. Izy fotsiny. . . Ary nanidina teo amboniny ireo goaika ka nanao hoe, “Kao, kao, kao.” Amin’ny teny hafa, dia manao hoe, “Avia, ry Johnny Goaika! Tonga ny ririnina, ndao isika handeha any atsimo!” Saingy tsy afaka nanao an’izany izy, voafatotra izy.

¹²¹ Noho izany indray andro dia nandalo ny lehilahy anankiray ka nahita an’io goaika antitra mahantra io, noho izany dia nandeha teo izy ka nisambotra azy ary namaha azy, nanao hoe, “Mandehana, ry tovolahy, afaka ianao.” Hitanareo? Ary noho izany, ny zavatra voalohany fantatrareo, nanohy nandehandeha teo izy.

¹²² Indro tonga ireo goaika, nihorakoraka hoe, “Avia, ry Johnny Goaika! Kao, kao, kao! Ndao isika handeha any atsimo, ho avy ny ririnina. Hivaingana ho faty ianao.”

¹²³ Raha afaka nitodika tany aoriana izy, dia ho nanao hoe, “Tsy afaka manao an’izany aho.” Hitanareo, efa tena zatra nifatotra izy, hitanareo, nihevitra fotsiny izy fa mbola voafatotra foana.

¹²⁴ Mety hieritreritra ianao fa voafatotra, ihany koa, rahalahy, ranabavy, izay nanoratra an’ity fanontaniana ity. Mety hieritreritra ianao fa ny devoly no namatotra anao teo, fa mandainga izy. Nisy fotoana iray tonga teto an-tany ny Lehilahy iray, Jesosy Kristy, ilay Zanak’Andriamanitra, namaha anao Izy. Aza mino an’izany ianao; tsy voatery hijanona eo ianao, tsia, tompoko, afaka ianao. Marina izany. Maty teo amin’ny toeranao Izy mba hanaisotra ny fahotanao. Minoa Azy fotsiny ianao, akopay ny elatrao ary manidina miaraka amin’ny sisa amin’izy ireo. Aza mijanona ao amin’io lavaky ny devoly io. Tsia, tompoko.

Ankehitriny. Hametra-tànana eo amiko ve ianao ka ho afaka amin’izany?

¹²⁵ Ranabavy malala na rahalahy malala, azo antoka, hametra-tànana eo aminao aho, saingy tsy hanafaka anao izany. Ny hanafaka anao, ianao dia. . . dia ny mahazo fa efa afaka ianao. Efa voavaha ianao. Tsy mila manahy mikasika ny hoe afaka ianao, efa afaka ianao! Jesosy no nanafaka anao. Aza mety hohazonin’ny ziozan’ny fanandevozana indray. Afaka arak’izay mety maha-izy anao ianao. Tsy voatery ho voatazona ianao. Fombafomba iray fotsiny ny ametrahako ny tànako eo aminao. Afaka manao an’izany izahay. Izany, nahoana, afaka manao an’izany aho, saingy mbola tsy hanafaka anao foana izany raha tsy manaiky an’izay Nataony ho anao ianao; izany dia izaho fotsiny no manao hoe “Tompo, mino an’Izany aho.”

¹²⁶ Eny, apetraho eo Aminy fotsiny amin’ny finoana ny tànanao, manaova hoe, “Tompo, mino an’Izany aho,” dia miakatra ianao. Marina izany, iaikao ny fahotanao. Hitanao, “Izay manafina

ny fahotany dia tsy hambinina, manarona ny fahotany. Fa izay hiaiky ny fahotany . . .” Eo no ahazoanao fahafahana sy fanamarinana, rehefa vonona ianao hilaza hoe “Nanota aho, diso aho.” Izany no nolazainao eto:

Lavo aho, nanota aho. Tena diso aho! Misy anjara iray ho ahy ve ny ho tafaverina manontolo indray?

¹²⁷ Tanteraka tokoa! Ny minitra izay anirianao an’Izany, izany no maneho fa Andriamanitra dia nampidina an’ily Tadin’aina mba hampiakatra anao. Mitsangàna fotsiny eo ambonin’Ny Tadin’ainy an’ny finoana sy ny vavaka, manohiza miakatra avy hatrany any amin’ny sisa amin’ireo voromahery tahaka an’izany, mandehana manakopaka. Marina izany.

¹²⁸ Eny, fametrahan-tànana, izany dia—zavatra lehibe iray izany, mino an’izany aho. Mino ny fametrahan-tànana aho, azoko antoka fa mino aho. Saingy tsy izany no manao an’ily izy. Afaka hametra-tànana eo amin’ny olona aho, isan-kerinandro, fa mbola tsy hahasoa foana izany raha tsy manaiky an’izay efa nataon’i *Kristy* ho anao ianao. Fanomezan-dàlako fotsiny izany, fametrahan-tànana. Nametra-tànana teo amin’ireo loholona izy ireo. Nanao an’ireo zavatra ireo izy ireo, fanomezan-dàlan’izy ireo eo anatrehan’Andriamanitra izany hoe manome ny finoany ho an’izany, manome ny finoany ho an’izany izy ireo. Hitanareo? Indraindray, tahaka an’ireo zavatra fotsiny . . .

¹²⁹ Tena tsy azo tsara aho matetika. Izaho—manana aho . . . omaly hariva. Miahotra eo anelanelan’ny hevitra aho, ary izaho—tsy fantatro marina hoe làlana iza no ihodinana. Izaho—izaho dia, ny tenako, eo anelanelan’ny hevitra aho, izaho—tsy fantatro izay hatao. Manantena aho fa ilay fiangonana ara-boajanahary fotsiny ity, na ny fiangonana ara-panahy mipetraka eto, raha ny marina, tsy mihevitra aho fa mandray feo an’ity izy ireo noho izany dia milaza fotsiny an’izay tiako lazaina aho. Izy ireo . . .

¹³⁰ Nila niresaka kely fo tamin’ny fo taminareo aho, ary mino aho fa halaiko fotsiny izany, na ahoana na ahoana. Nanana naoty iray aho voasoratra teto niaraka tamin’ny Soratra, na . . . Raha tsy nanana aho, saiky hiresaka aho mikasika *Ny Fitoriana Filazantsara Amin’Ny Andro Farany*, inona ny fitoriana filazantsara amin’ny andro farany. Angamba hotehiriziko ho an’ny andro hafa izany. Te-hiresaka aminareo avy amin’ny foko aho, avy amin’ny halalin’ny foko.

¹³¹ Eo anelanelan’ireo hevitra aho, tsy fantatro marina hoe làlana iza no ihodinana. Mila ny vavakareo aho. Ity fampaherezana kely ato ity, eo amin’ireo—eo amin’ireo zavatra ireo, dia mba ahazoana fanararaotra fotsiny hiresahana aminareo mandritry ny minitra vitsy. Misy zavatra hafa tiako tenenina aminareo, hitanareo. Fantatro fa tena manakaiky zavatra iray isika. Ankehitriny, aza diso fahazo ahy, aza manao an’izany. Hitanareo?

¹³² Nanatona ahy ny lehilahy iray indray andro ary nanao ahy hahatsapa tena ratsy. Nieritreritra aho hoe, “Azo antoka fa tsy nilefitra tahaka an’izany aho tamin’ny fampianarana.” Hitanareo? Hoy izy hoe, “Rahalahy Branham, ao anatin’ny andro maromaro dia tokony hodidiana aho, dimy ambin’ny folo, roapolo andro manaraka.” Hoy izy, “Mihevitra ve ianao fa ho eto Jesosy, ka tsy voatery hanao an’izany fandidiana izany akory aza aho?” Hitanareo? Hitanareo, diso fahazo an’izany ianareo. Aza manao an’izany! Hitanareo, aza manao an’izany. Mety tsy ho tonga afaka dimy arivo taona hafa Jesosy. Tsy fantatro. Mety ho eto anefa Izy izao hariva izao. Mety ho tonga Izy rahampitso. Tsy fantatro hoe rahoviana Izy no ho avy, tsy misy olon-kafa mahafantatra. Am-pahatsorana, Izy Tenany aza tsy mahafantatra akory. Izany no Nolazainy. Tsy misy olona mahafantatra.

¹³³ Fa efa fantatrareo ve fa niandry Azy ho tonga isan’andro i Paoly? Jaona, tao amin’ny Nosin’i Patmo, dia nihevitra fa ho velona izy habita an’izany. Nihevitra i Irénée hoe azo antoka fa tonga tamin’ny androny Izy. Ny sisa rehetra tamin’izy ireo, Polycarpe, Masindahy Martin, nanerana ny taona rehetra. Nieritreritra i Luther hoe, “Azo antoka fa izay ilay izy!” Hoy i Wesley hoe, “Izao no fotoana.” Charles Finney, John Knox, Calvin, Spurgeon, ny tsirairay avy tamin’izy ireo dia nanao hoe, “Izao no fotoana!” Billy Sunday, hatramin’ity andro eto ity, ny olona rehetra, “Izao no fotoana!”

¹³⁴ Miandry an’izany isika. Tsy fantatsika hoe rahoviana ilay fotoana. Mino aho fa izao no fotoana, ka te-hihazona ny faniloko ambony aho. Ary henoy, izaho . . . Takaro tsara ity! Te-hiaina ny fotoana tsirairay amin’ny fiainako aho hoe miandry Azy aho amin’ny fotoana manaraka, saingy tiako ny manohy toy ny hoe ho iray alina taona manomboka izao izany. Mbola te-hamafy voa foana aho, hijinja ny vokatra. Te-hitory ny Filazantsara aho ary hanohy fotsiny tahaka ny nataoko isan’andro. Manohy tahaka an’izany, miaraka amin’ny masoko miandrandra, miambina; misintona an’ilay fandrian’ny . . . manangona an’ireo amboara, ny voa. Ary avy eo amin’ny taona manaraka dia hamafy ny voako indray aho, “Tompo, nihevitra aho fa ho teto Ianao tamin’ny taona lasa, fa raha tsy eto Ianao, dia mety ho tonga Ianao amin’ity taona ity. Noho izany dia hamboly ny voako aho mba hitaizako an’ireo zanako. Raha maharitra Ianao, dia hanana zavatra hohanina izy ireo; raha tsy maharitra Ianao, dia hiandry Anao aho.” Eo ianareo izao, hitanareo, manohiza ara-dalàna fotsiny.

¹³⁵ Raha nihevitra aho fa ho avy Izy amin’ny maraina, izao hariva izao dia hitory an’ilay hafatra iray ihany izay toriako ankehitriny aho. Raha nihevitra aho fa ho avy Izy amin’ny maraina, dia tsy hivoaka aho ka hivarotra ny fiarako, izaho tsy handeha hanao an’ity, *itsy*, na ny *hafa*. Handeha avy hatrany

tahaka ny nandehanako mahazatra fotsiny aho, satria amin'ny fotoana rehetra dia miandry Azy ho tonga aho. Satria mety ho tonga ho anareo fotsiny Izy, mety ho izao hariva izao ny oranareo. Angamba izao hariva izao no orako. Tsy fantatro. Fa ny iray amin'izy ireo dia ho ny orantsika.

¹³⁶ Ary inona no fahasamihafana ataon'izany raha velona eto aho na alevina aho any? Satria raha efa voaloha ny fanamelohana ahy ho faty, dia ho any aho alohan'ny olona rehetra izay velona. Marina izany. "Izao no lazaiko," Tesaloniana Faharoa, toko faha-5, "Izao no lazaiko aminareo ao amin'ny Didin'ny Tompo. Isika izay velona ka mbola mitoetra hatramin'ny Fihavian'ny Tompo dia tsy hialoha na hanakana an'ireo izay efa nodimandry. Fa hotsofina ny trompetran'Andriamanitra, ka izay maty ao amin'i Kristy no hitsangana aloha," ny tombontsoan'ireo izay maty dia ny hivoaka voalohany. Tahaka an'izany no ahafantarantsika fa antomotra izany, hitanareo. "Avy eo isika izay velona ka mbola mitoetra dia hovaina, ao anatin'ny fotoana fohy, indray mipi-maso, ka hakarina hiaraka amin'izy ireo, hitsena ny Tompo eny amin'ny habakabaka."

¹³⁷ Noho izany dia inona no fahasamihafana ataon'izany raha maty tamin'ny andron'i Noa aho, raha maty tamin'ny andron'i Abrahamah aho, raha maty tamin'ny andron'ireo apostoly aho, raha maty aho roa herinandro lasa izay, na izao ankehitriny izao? Inona no fahasamihafana hataon'izany? Ho any aho ao anatin'ny fotoana fohy, ao anatin'ny indray mipi-maso, miala sasatra fotsiny aho mandra-pahatongan'izany fotoana izany.

¹³⁸ Ankehitriny, ny fanangonana dia ho ao amin'ny Tompo. Tahaka an'i Jakoba, ao amin'ny toko faha-49, hoy izy hoe, "Rehefa tonga i Silo, dia ho ao Aminy ny fanangonana. Tsy hisy mpanome lalàna handeha hatrany. . . manomboka eo anelanelan'ny tongotra, mandra-pahatongan'i Silo," miresaka ny amin'i Joda, "ary ho Azy ny fanangonana."

¹³⁹ Ankehitriny, maro ny olona izay miandry fiangonana iray, vondron'olona lehibe iray hakarina miaraka, fiangonana iray, anaram-piangonana iray, fanehem-pinoana iray hakarina. Tsy izany ilay izy. Tsy izany mihitsy ilay izy.

¹⁴⁰ Ny fanangonana ny olona, rehefa miantso ny Ondriny miaraka Andriamanitra, dia mety haka roa Izy avy eto Jeffersonville, roa avy any Indiana, roa avy any Kentucky, roa avy any Mississippi. Izany marina tokoa no Nolazainy; tsy ireo teny ireo, fa hoy Izy hoe, "Hisy roa any an-tsaha," izany dia eo amin'izay misy ny andro atoandro, "Halaiko ny anankiray ary havelako ny anankiray. Misy roa eo am-pandriana," ilay ilany hafa an'ny tany dia andro alina, "Halaiko ny anankiray ary havelako ny anankiray." Hitanareo?

¹⁴¹ Tsy ara-pitokotokoana ny fanangonana olona, ho an'ny vondrona iray *eto*. Fitsanganana fanangonana miaraka

iray maneran-tany izany, ary ho tonga tahaka an'izany ny Fampakarana. Satria hoy Izy hoe, “Rehefa natory tao amin’*ity* fiambenana ity ny anankiray, ny anankiray tao amin’*itsy* fiambenana itsy, ny iray tao amin’ny...hatrany amin’ny fiambenana fahafito. Ary avy eo rehefa tonga ny Mpampakatra, dia nifoha izy rehetra ireo, ny tsirairay, hatramin’ny andron’ny Genesisy ka hatramin’ny faran’ny Apokalypsy. Nifoha ny tsirairay avy tamin’izy ireo, marina izany, mba hiomana hiditra.”

¹⁴² Ankehitriny, hitanareo, maneho Izy fa ny maty rehetra dia hitsangana avy ao am-pasana, amin’ny Fihaviany, ny marina, ny Ampakarina, ireo matory izay any am-pasana dia hitsangana amin’ny fitsanganana. Avy eo dia Asehony fa ny olona izay velona eto an-tany, dia hisy anankiray *eto* ary anankiray *etsy*, tsy ho andian’olona tafangona miaraka ao anatin’ny vondrona kely iray izany. “Fa hisy anankiray any an-tsaha, na roa any an-tsaha, Halaiko ny anankiray ary havelako ny anankiray,” io ilay anankiray an’ny Fiangonana mivoaka amin’ny atoandro. Eo amin’ilay ilany hafa an’ny tany, “Hisy roa eo am-pandriana, Halaiko ny anankiray ary havelako ny anankiray.” Marina ve izany?

¹⁴³ Noho izany ny fanangonana dia ho ao amin’i Kristy na any Jeffersonville aho, na any Suède aho, na izaho...Ary na aiza na aiza misy azy, ny fanangonana dia ho ao amin’ilay Mpiandry ondry. Hitanareo? Ary avy eo dia hakarina miaraka isika amin’ny fitsanganana mba hitsena ny Tompo eny amin’ny habakabaka. Ho tonga avy amin’ny ampahan’ny tany rehetra ny olona, izay velona. Ireo olona izay maty, sy ny sisa, dia hitsangana. Ary ilay Fiangonana miaraka dia hakarina miaraka hitsena ny Tompo eny amin’ny habakabaka. Hitanareo?

¹⁴⁴ Ho maneran-tany Ny Fihaviany. Tsy ho tonga any Louisville fotsiny izany. Tsy ho tonga ho an’ny Batista fotsiny izany, ho an’ny Presbyterana. Izany dia ho “ny madio am-po no hahita an’Andriamanitra,” ary ny fitsanganana sy ny fanangonana dia ho avy hatraiza hatraiza.

¹⁴⁵ Ary, ankehitriny, rahoviana izany no ho avy? Angamba izao hariva izao, angamba rahampitso, angamba amin’ity taona ity, angamba dimampolo taona, angamba zato taona, angamba arivo taona hafa. Tsy fantatro. Tsy misy olona hafa mahafantatra. Fa ndao isika—isika, izaho sy ianareo, hiaina izao hariva izao toy ny hoe ho izao hariva izao izany.

¹⁴⁶ Fa, ankehitriny, amin’ny fanaovana arak’izay nilazanao azy hoe, “Izaho—manana fandidiana iray aho.” Eny, raha tsy maintsy hanana fandidiana iray ianao, tsy manana finoana ho an’ny fanafahana, dia mandrosoa ka ataovy ny fandidiana.

¹⁴⁷ Raha handeha aho hividy ny—ny...Tonga ny olona iray ka nanoratra naoty iray ho ahy indray andro, ary nilaza, ta—

taratasy lava iray, ka hoy izy, “Rahalahy Branham, tsy fantatro izay hatao.” Hoy izy, “Tena nahatoky tamin’Andriamanitra arak’izay nety naha-izy anay izaho sy ny vadiko. Nitaiza ny zanakay izahay.” Ary hoy izy, “Ankehitriny, ny anontaniako,” hoy izy, “izahay dia manana . . . nitahiry vola ho an’ny toeram-pambolena iray izahay, nividy toeram-pambolena iray.” Ary hoy izy, “Toy ny ahoana no itiavanay azy! Misy loharano iray ao; misy he—helodrano iray mamakivaky an’ily toerana.” Tany Oregon izany. Ary hoy izy, “Renay fa ho avy any Oregon ianao. Ho teneniko aminao izay nahatapa-kevitra anay mba hatao. Fantatray fa . . . Nihevitra izahay fa hitahiry an’izany ho an’ireo ankizy, satria tsy Kristiana ny iray amin’izy ireo.” Hoy izy, “Nihevitra izahay fa hitahiry azy ho azy ireo satria tsy maintsy mijanona eto izy ireo handalo fahoriambe, ka hitahiry an’izany ho azy ireo ary hamela azy ireo hanana zavatra iray, satria mino izahay fa ho ao amin’ny Fampakarana izahay. Noho izany dia tsy fantatray izay hatao mikasika an’izany, noho izany angamba rehefa tonga ianao dia hatolotray anao fotsiny ilay toeram-pambolena, hitanao, ary amin’izay fotoana izay dia afaka manao an’izay tianao hatao aminy ianao.”

¹⁴⁸ Namaly aho, hoy aho hoe, “Tena tam-pisainana toy ny ahoana no ieritreretanao ny zanakareo.”

¹⁴⁹ Hoy izy, “Izaho sy i neny dia mandeha any, ary amin’ny hariva.” Hoy izy, “Vonona ny hisotro ronono aho, ary,” hoy izy, “ireo ora mahafinaritra anananay, mitety an’ily toeram-pambolena, mijery an’ily loharano, ary mitsangana any midera an’Andriamanitra.”

¹⁵⁰ Hoy aho hoe, “Manohiza manao an’izany, miaina tahaka an’izany fotsiny, ara-batana, ara-pananana. Manohiza fotsiny manohy mandra-Pahatongany. Hitanareo, manohiza fotsiny mijanona eto, manohy mandra-Pahatongany.”

¹⁵¹ Manaova tetik’asa, mandrosoa, ataovy izany, “Raha sitraky ny Tompo! Raha sitraky ny Tompo! Hataoko *ity*, raha sitraky ny Tompo.” Mety ho tonga alohan’izany fotoana izany Izy. [Elanelana tsy voaraki-peo—Mpand.] Fa manohiza mandeha hatrany fotsiny tahaka ny andehananareo mihitsy mandrapaha . . . Fa tehirizo madio ny fanahinareo, fa, mety ho tonga amin’ny minitra rehetra Izy. Hitanareo, aoka ho vonona. Satria, hitanareo, mety ho avy ho *anareo* amin’ny minitra rehetra Izy, amin’ny segondra rehetra, amin’ily fitempon’ny fo manaraka, amin’ily fofonaina manaraka, dia mety ho avy ho anareo Izy. Fa manohiza fotsiny manao an’izay tianareo hatao, raha mbola marina sy mendrika ary mahitsy foana ilay izy, dia mandrosoa ary ataovy ilay izy.

¹⁵² Ankehitriny, fantatsika fa miatrika zavatra isika. Fantatro izany; fantatrareo izany. Izaho—izaho—tsy fantatro hoe lâlana iza no ihodinana. Tsaroanareo teo amin’ny efa-taona lasa izay,

tany Chicago indray andro, dia tonga tamiko ny Fanahin'ny Tompo ary hoy aho hoe, "Izany ilay izy! Ary tapitra ny fifohazana, ary nolavin'i Amerika ny fanararaotrany." Eo amin'ny horonam-peo izany. "Ary tsy hisy intsony. Nolaviny ny fanararaotrany farany."

¹⁵³ Tiako ianareo hitandrina. Misy olona mahafantatra ve hoe andro inona no nisy an'izany teo amin'ilay horonam-peo? Manana an'izany isika. Manana azy i Leo sy Gene. Reko ilay izy teto vao tsy ela akory izay. Napetrak'i Boze tao anatin'ny gazetiny izany. Ary noho izany dia diniho fotsiny izay nitranga hatramin'io, hitanareo, nijanona ny fifohazana.

¹⁵⁴ Nolazaiko izany tao amin'ny—tao amin'ny Blue Lake indray hariva, ary niverina ny lehilahy kely iray ny ampitso maraina, hoy izy, "Mety milaza Rahalahy Branham fa ny Pentekotista no nanana an'izany, fa tsy izaho! Voninahitra ho an'Andriamanitra! Haleloia," ary nanohy. Hitanareo, fa ilay lehilahy kely dia tsy nahafantatra fotsiny hoe avy amin'ny tendrony inona an'ilay anjombona no nitsofany. Hitanareo, tsy azony. Hitanareo, tsy fantany. Mety tsara izany, mafana fo, mety tsara tanteraka izany.

¹⁵⁵ Fa mijere manodidina! Inona no ataon'izy ireo? Inona no olona amin'ny olona? Inona no nitranga tamin'ny fifohazana? Inona no nitranga tamin'i Billy Graham, Oral Roberts, ny sisa amin'izy ireo? Aiza no misy an'ilay fifohazana? Tapitra izany! Nanjavona ny setroka. Voafafy ireo voa. Tapitra ny fivoriana. Maty ireo afo. (Tao amin'ny tempolin'i Roma taloha, tany vesta, rehefa maty ireo afo dia nody ireo mpivarotra, teo amin'ny alitara.) Ankehitriny, hitantsika fa tsy misy fifohazana intsony. Tsy hafanam-po ilay izy.

¹⁵⁶ Avy eo dia mieritreritra mikasika an'ilay renirano tamin'ny 1936 aho, mieritreritra an'izay Nolazainy aho. Inona no nitranga tany? Maro aminareo no mahafantatra. Mbola zazalahy iray fotsiny aho, ary nanao batisa ny batisako voalohany rehefa nidina io Anjelin'ny Tompo io ary nitsangana teo ambonin'izay nisy ahy. Hoy ny olona sasany hoe, "Tsy nahita an'izany ianareo." Avy eo ny siansa no nanaporofa fa marina ilay izy. Hitanareo? Hitanareo?

¹⁵⁷ Ankehitriny, inona no Nolazainy tany? "Tahaka ny, nanirahina an'i Jaona Mpanao Batisa hialoha lâlana ny fihavian'i Kristy voalohany, ny Hafatrao no hialoha lâlana ny Fihaviana faharoa."

¹⁵⁸ Nandinika an'izany aho nanerana ny tany, nandeha nanerana an'izao tontolo izao izany. Saiky ny ampitso hariva ihany, dia nivoaka hatraiza hatraiza ny fifohazana. Nirehitra hatraiza hatraiza ireo afom-pifohazana, nisy ny fifohazana lehibe indrindra izay hany fantatsika. Saingy nisy zavatra ve talohan'izany? Tsy nisy na inona na inona! Nefa roa herinandro talohan'izany, dia nandre lehilahy iray aho nanao kabary tany

New Albany, hoy izy, “Ny olona taloha dia nino an’io dokam-barotry ny—ny fifohazana io, tahaka an’i Billy Sunday sy izy ireo.” Hoy izy, “Fantatsika fa tsy afaka hisy intsony izy ireny. Mila porofo mivaingana ny olona; tsy misy izany zavatra izany!” Rehefa nanao an’io dokam-barotra goavana io izy ireo, tamin’izay fotoana izay ihany dia napoakan’Andriamanitra ny fifohazana lehibe indrindra izay nananantsika hatramin’ny fiandohan’ny taon-jato voalohany, olona maro no voavonjy: antapitrisany.

¹⁵⁹ Ny antontan’isa dia maneho fa ny hafatry ny lehilahy iray dia maharitra telo taona, ny tsirairay amin’izy ireo, avy eo dia miaina amin’ny lazany izy amin’ny andro sisa mandrapiantsoan’Andriamanitra azy. Ankehitriny, efa hatramin’i Kristy izany, ny Azy dia telo sy tapany, hitanareo. Ary maneho fa nandritr’izany rehetra izany, Spurgeon, Knox, Calvin, hatramin’izany, izany no maneho fa telo ka hatramin’ny telo taona sy tapany no fetran’ny asam-panompoan’ny lehilahy iray. Ny sisa amin’izany. . . . May ny laboziany, miaina amin’ny lazany efa lasa izy. Raha ratsy fanahy izy, ireo—manaraka azy ireo asany; raha marina izy, dia manaraka azy ireo asany. Izay ihany.

¹⁶⁰ Ankehitriny, inona no dikan’izany? Efa nitory tamin’ity fiangonana eto ity aho ary niteny taminareo hoe “Nino aho fa hisy olona iray malaza ho avy.” Mino aho ary efa niteny taminareo hoe “Mino aho fa ny Soratra dia manohana fa hisy iraka iray ho an’ilay taom-piangonana farany.” Mino an’izany aho. Niandry an’io olona io hiseho aho, niambina tsy ankitsahatra aho.

¹⁶¹ Ary mahita lehilahy iray mitsangana aho, mandre ny aminy aho, lehilahy malaza iray manomboka mifaoka, voamariko fa miala lavitra ny Baiboly ny hafany. Mahita azy miverina eny amin’ny zorony iray aho. Hitanareo? Mandinika anankiray hafa mitsangana aho, miakatra ambony, nefa tsy mandeha eo anivon’ireo voromahery izy, mijanona eo anivon’ireo goaika aranam-piangonana izy. Mijanona *eto* izy, ny rafi-pandaminany, ary anankiray hafa mampiditra mpikambana bebe kokoa sy ny sisa. Mandinika an’izany aho, mahita azy maty.

¹⁶² Mieritreritra aho hoe, “Andriamanitra, aiza io anankiray izay hamerina ny Finoan’ny ray ho amin’ny zanaka io? Aiza no hambolena an’ireo Voa ireo? Aiza no misy an’izany? Inona no hiseho?”

¹⁶³ Ankehitriny dia tonga eo amin’ity ilay izy. Raha—raha io Hafatra tany amin’ilay renirano tamin’io andro io, raha izany no izy, dia antomotra ny Fihavian’ny Tompo, saiky eto izany. Raha tsy izany, dia misy filaminana alohan’ny tafio-drivotra. Tsy fantatro. Tsy Nambarany tamiko izany. Miezaka aho manontany hoe, “Izany ve Ny Hafany ofisialy? Izay ihany ve no Tiany holazaiko? Izany ve rehefa naniraka ahy Izy? Izay ihany ve ny

amin'izany? Raha izany no izy, isika dia tena, tena akaiky. Tara noho izay heverintsika izao. Raha tsy izany, dia misy filaminana alohan'ny tafio-drivotra.

¹⁶⁴ Ankehitriny, nanoratra tamiko ny olona iray teto vao tsy ela akory izay, ary nanontany ahy, hoy izy, “Raha tsy mino ianao fa mandalo ny vanim-potoan'ny Fahoriambe ny fiangonana, dia ahoana ny amin'ny Apokalypsy 13, ahoana no nandresen'izy ireo tamin'ny alàlan'ny Ràn'ny Zanak'ondry sy ny fanambarany?” Nametraka an'izany fanontaniana izany ilay olona. Manontany aho. Fantatrarao ve fa ny toko telo voalohany an'ny Apokalypsy dia miresaka ny amin'ilay Fiangonana ao amin'ny taom-Piangonana? Vanim-potoan'ny Fahoriambe izany, fa tsy ny taom-Piangonana; Akarina ilay Fiangonana ary miakatra ao amin'ny toko faha-4 an'ny Apokalypsy, tsy tonga intsony indray raha tsy ao amin'ny toko faha-19 rehefa tonga miaraka amin'i Jesosy Izy. Marina izany. Ao amin'ny vanim-potoan'ny Fahoriambe izany, tsy misy idiran'ilay Fiangonana amin'izany mihitsy.

¹⁶⁵ Ireo fampanantenana lehibe rehetra an'ireo zavatra lehibe izay efa hitanareo ao amin'ny Baiboly ireo, tahaka an'izay hiseho, izany dia any amin'ny fanjakana Jiosy, fa tsy eto anivon'ny Jentilisa. Mino aho fa hanana fanangonana iray izy ireo amin'ny alàlan'ity anankiray izay natao ho tonga ity mba hamerina ny Finoan'ny olona, izay nampanantenaina. Ary ny fomba tokana ahafahako mahazo an'izany, dia satria hoy Izy hoe, “Aorian'ity Hafatra ity avy hatrany, hoe, hodorana amin'ny hafanana ny tany, afo.” Mamelà ahy hamaky an'izany fotsiny aminareo raha mbola eto isika, ary diniho izay Lazainy.

¹⁶⁶ Ary ankehitriny ity hafatra kelin'ny Fanjakana ity, angamba mety hitory an'izany aho amin'ny Alahady heriny maraina, raha sitrapon'ny Tompo, hitanareo, ary raha sitraky ny Tompo.

¹⁶⁷ Ankehitriny diniho eto, ity no fihavian'i Jaona, Malakia 3:

*Indro, izaho...maniraka ny irako eo alohan'Ny...
maniraka ny irako, ary izy hanamboatra ny lalana eo
alohako: ary ny Tompo, izay tadiavinareo, dia ho avy
tampoka ho eo an-tempoliny, dia ny irakin'ny fanekena,
izay irianareo: indro, ho avy izy, hoy ny TOMPON'ny maro.*

¹⁶⁸ Hitanareo ve izany? Malakia 3. Matio ankehitriny, diniho Matio ny toko faha-11, ary henoy ity, ary ny andininy faha-6. Ndao isika hamaky ankehitriny ny Mala-... Matio 11, Jesosy no miteny. Ary ndao isika ankehitriny hanomboka amin'ny toko faha-11:

*Ary izao no niseho, rehefa vitan'i Jesosy Ny
nandidiany ny mpianany roa ambin'ny folo, dia niala
teo izy hampianatra sy hitory teny any an-tanànan'izy
ireo.*

Ary ankehitriny rehefa ren'i Jaona tao...an-tranomaizina ireo asan'i Kristy, dia naniraka anankiroa tamin'ireo mpianany izy,

Ary nanao taminy hoe, Ianao ve ilay ho avy, sa mbola hafa no andrasantsika?

169 Hitanareo ve io fahajamban'ilay mpaminany io? Fantany fa hisy zavatra hiseho, saingy tsy azony antoka hoe taiza ilay izy, hitanareo, hitanareo, izay niseho fotsiny. "Ianao ve no Izy?" rehefa avy nanambara Azy izy.

Ary Jesosy...nanao tamin'izy ireo hoe, Mandehana ka aseho an'i Jaona indray ireo zavatra izay renareo sy hitanareo:

Mahiratra ny jamba,...mandeha ny mandringa, diovina ny boka,...mandre ny marenina, atsangana ny maty, ary ny malahelo dia nitoriana ny filazantsara tamin'izy ireo.

Ary sambatra izy, izay tsy ho tafintohina nohon'ny amiko.

Ary nony lasa izy ireo, dia nanomboka nilaza tamin'ny vahoaka mikasika an'i Jaona Jesosy hoe,... (Henoy ankehitriny!)...Hizaha inona no nivoahanareo tany an-efitra? Volotara nohozongozonin'ny rivotra ve? (Tsia, tsy i Jaona izany, tsy misy marimaritra iraisana amin'i Jaona.)

...hizaha inona no nivoahanareo? Lehilahy mitafy lamba malefaka ve? (Amin'ny teny hafa, dia vozon'akanjo mivadika, fantatrareo, ary lehilahy manam-pahaizana sy malaza) indro, ireo izay mitafy lamba malefaka dia ao an-tranon'ny mpanjaka. (Ilay anankiray izay manoroka zazakely, sy mampanambady ankizy, sy mandevina ny maty, ary, fantatrareo, na mifikitra eo akaikin'ireo mpanjaka. Izany ilay karazana, tsy mampiasa Sabatra tazonin'ny tânana roa izy. Hitanareo?)

...Ankehitriny, hizaha inona no nivoahanareo tany an-efitra? Lehilahy iray sy ny fitafiany, ary nohozongozonin'ny rivotra ve?

...Lehilahy iray mitafy lamba malefaka ve? indro, ireo izay mitafy lamba malefaka dia ao amin'ireo lapan'ny mpanjaka.

Fa hizaha inona no nivoahanareo? Mpaminany iray? eny, lazaiko aminareo, ary mihoatra noho ny mpaminany iray.

170 Diniho! "Ho an'ity..." Henoy ankehitriny, ity no Tenin'i Jesosy Manokana:

Fa izy no, ilay voasoratra hoe, Indro, izaho maniraka ny irako eo alohan'Ny Finoako, ary izy . . . tavako, ary izy no hanamboatra ny làlana eo alohanao.

171 Ankehitriny dia diniho Malakia 3:

Indro, izaho . . . maniraka ny irako, ary izy no hanamboatra làlana eo alohako: . . . (Malakia 3, fa tsy Malakia 4.)

172 Ankehitriny dia diniho Malakia 4:

Fa, indro, avy ny andro, izay hirehitra tahaka ny fatana; ary ny mpiavonavona rehetra, eny, sy izay rehetra manao ratsy, dia ho vodivary: . . . avy ny andro izay handoro azy ireo, hoy ny TOMPON'ny maro, . . . tsy hisy havela izy ireo na fakany na ny rantsany (izany dia ny Fahoriambe sy ny fandranganana, hitanareo, izay ho avy).

Fa aminareo izay matahotra ny anarako no hiposaka ny Masoandron'ny fahamarinana miaraka amin'ny fanasitranana eo amin'ny elany (ny fihavian'ny Tompo); dia hivoaka ianareo tahaka . . . ianareo dia hivoaka, ka hitsambikina tahaka ny zanak'omby mifahy. (Izany dia tahaka ny hoe mivoaka eny amin'ny kijana, mivoaka.)

. . . hanitsaka ny ratsy fanahy ianareo; fa ho lavenona eo ambanin'ny faladianareo izy ireo amin'ny andro izay hanaovako an'izany, hoy ny TOMPON'ny maro.

173 Amin'ny teny hafa, ny marina, amin'ny fiverenana miaraka amin'i Kristy eto an-tany, dia hanitsaka eo ambonin'ny lavenona. Rehefa mahita an'ireny olona ireny ianareo, mirehareha, miavonavona, manao tsinontsinona, tia tsikilokilo, kanefa mihambo ho Kristiana, dia tsy misy afa-tsy lavenona izy ireo. Izay ihany. Izany no lazain'ny Soratra. Hitanareo? Diniho ankehitriny.

Tsarovy . . . ny lalàn'i Mosesy mpanompoko, izay nandidiako . . . azy tany Horeba ho an'ny Isiraely rehetra, miaraka amin'ny didy sy fitsipika.

Indro, izaho haniraka ho aminareo an'i Elia mpaminany alohan'ny fahatongavan'ilay andro lehibe sady mahatahotra an'ny TOMPO:

Alohan'io Andro io mihitsy, ny fiverenan'ny Tompo, dia ho tonga aloha i Elia.

174 Eny àry, tsarovy, mbola ho avy. Ankehitriny, tsy mety ho ny fihavian'i Jaona izany. Izy no Elia, saingy tonga indimy izy, ankehitriny. J-e-s-o-s-y, f-i-n-o-a-n-a, f-a-h-a-s-o-a-v-a-n-a. Hitanareo, *dimy* dia isan'ny "fahasoavana." Manao fisehoana dimy i Elia: indray mandeha dia i Elia; tahaka an'i Elisa; tahaka an'i Jaona; amin'ny fiafaran'ny Jentilisa; ary any miaraka

amin'i Mosesy ho an'ireo Jiosy. Isa tanteraka, ilay mpaminany tanteraka, iraka tanteraka, henjana, sahy. Hitanareo? Mariho:

. . . Izaho haniraka ho aminareo an'i Elia . . . alohan'ny fahatongavan'ny Andro, andro lehibe sy mahatahotra an'ny TOMPO:

Ary izy hampody ny fon'ny ray ho amin'ny zanaka, ary ny fon'ny zanaka ho amin'ny ray, fandrao ho avy aho hamely ny tany amin'ny ozona.

¹⁷⁵ Hitanareo, fa tsy ilay fihaviana voalohany an'ny fampahafantarana; Jaona izany, satria tsy mbola nodorana tahaka ny vodivary mihitsy ny tany, ary ny marina tsy mbola mandeha teo ambonin'ny lavenon'ny ratsy fanahy mihitsy. Fa alohan'ny hisehoan'izany mihitsy, dia ho tonga i Elisa. Ary inona no hataony? Mamerina ny Finoan'ny zanaka hiverina amin'ny ray, ilay Finoana tany am-boalohany an'ny Baiboly.

¹⁷⁶ Rehefa mahita lehilahy iray tonga aho, dia mieritreritra aho hoe, "Tsy maintsy izy io. Misy lehilahy iray miseho amin'ny laza, jereo izy, mandeha ireo fiangonana." Inona no ataony? Arivo mailly miala amin'ny Baiboly. Inona no ataony? Mirenireny eo, mivoaka ny rivotra ary vita ny aminy. Hitanareo, "Manana ny endriky ny toe-panahy araka an'Andriamanitra nefa mandà ny Heriny." Mandà ny Finoana, tsy mino ny Baiboly, milaza, mifikitra amin'ireo fanekem-pinoana, anaram-piangonana, miteraka zanaka ara-anaram-piangonana. Tsy maintsy ho lavo izany. Indro fa miverina avy hatrany izy.

¹⁷⁷ Aiza ilay anankiray izay hamafy an'io Voa ho an'io Fiangonan'ny andro farany io? Aiza io Voa masaka io, io Elia nampanantenaina io? Ary aorian'ireo androny avy hatrany dia hiditra ny Fahoriambe ka handoro ny tany.

¹⁷⁸ Ary avy eo amin'ny fiverenan'ilay Fiangonana sy ny Ampakarina, ny Ampakarina sy Kristy dia hanitsaka eo ambonin'ny lavenon'izy ireo, ao amin'ny Arivo taona, rehefa diovina amin'ny afo ny tany. Ary eo no hanjakan'izy ireo. Ary ireo mpanompo sampy izay tsy mbola nandre ny Filazantsara mihitsy dia hatsangana amin'io fotoana io, ka ho voaseho ireo zanak'Andriamanitra. Raha tsy maintsy hanjaka izy, dia tsy maintsy manana zavatra hanjakana, manana faritra iray izy. "Ary nanapaka sy nanjaka niaraka tamin'i Kristy izy ireo," ary Kristy no nanapaka tamin'ny tehim-by, an'ireo firenena. Noho izany ny Filazantsara . . . Avy eo ireo zanak'Andriamanitra voaseho, miaraka amin'ny fahefana tahaka ny Nananany fony Izy teto, hitanareo, eo no ho tonga ny Arivo taona ao amin'io Fanjakana io, hitanareo, eo ambonin'ny lavenona.

¹⁷⁹ Noho izany dia niandry zavatra iray aho. Nandalo teo akaikintsika tao amin'ny fanetre-tena ve izany ka diso azy isika? Efa lasa ve izany ka tavela ao anatin'ny fahotany ny fiangonana? Raha izany no izy, amin'izay fotoana izay dia tara

noho izay eritreretinareo izao. Raha tsy izany, amin'izay fotoana izay dia ho avy ny anankiray miaraka amin'ny Hafatra iray izay mifanaraka amin'ny Baiboly, ary handeha hanodidina ny tany haingana ny asa. Handeha ao anaty gazety ireo voa, asa soratra, mandra-pandrenesan'ny Voan'Andriamanitra voafidy mialoha tsirairay an'izany. Tsy hisy iray amin'izy ireo hanatona raha tsy ny Ray no nitarika azy ireo, ary ny tsirairay avy izay notarihin'ny Ray no handre an'izany ka hanatona. Izany dia ho, ilay Voa voafidy mialoha no handre ny Teny.

¹⁸⁰ Avy eo rehefa miseho izany, dia hisy fanangonana miaraka iray. Ary hiseho Jesosy, ary eo no handeha ilay Fiangonana avy any amin'ny tany rehetra tahaka an'izany, miaraka amin'ny fitsanganana, hiakatra.

¹⁸¹ Ho tahaka ny nahatongavan'i Jaona ve izany, ka na ireo mpianatra voafidy aza tsy nahafantatra an'izany akory? Hoy izy ireo hoe, “Nahoana ireo mpanora-dalàna no milaza fa tsy maintsy tonga aloha i Elias?”

¹⁸² Hoy Izy hoe, “Efa tonga izy fa ianareo no tsy nahafantatra an'izany.” Fa hoy Izy, “Nanao an'izay nolazainy fa hataony aminy izy ireo.” Tena haingana tokoa ny hafany, jereo, ho an'ny Isiraely rehetra, ary izany dia nitranga fotsiny tao anatin'ny anankiray kely toe- . . . roa—toerana kely roa: teo ambanin'i Jerosalema sy tany fotsiny, na tany Ainona izay nandehanan'i Jaona hanao batisa, ary teo amin'ilay renirano izay nanaovany batisa mihitsy, ritra ilay renirano. Enim-bolana monja, dia tonga avy hatrany ilay fampahafantarana manontolo an'ny Mesia. Hitanareo?

¹⁸³ Nisy zavatra notsinontsinoavintsika ve? Tara noho izay eritreretintsika ve izao? Resaka fo amin'ny fo ity ankehitriny. Ity dia, izao hariva izao fotsiny, mba fotsiny. . . Hia, ilay izy fotsiny dia—isika fotsiny no miresaka eto. Tara noho izay eritreretinareo ve izao? Ilay Hafatra teo amin'ny renirano tamin'io andro io tokoa ve izany? Efa nandalo ve izany, ka diso an'izany ny olona? Izany ve ilay Izy? Noho izany dia tara marina tokoa noho izay eritreretintsika izao. Rahoviana izany? Tsy fantatro. Mety ho izao hariva izao. Mety ho dimampolo taona iray hafa. Tsy fantatro hoe rahoviana no hisy izany, hanohy handeha tahaka ahy ankehitriny fotsiny aho. Eny, inona izany? Miandry zavatra iray ve aho?

¹⁸⁴ Nanana nofy iray hafahafa aho omaly alina, nanelingelina ahy nandritry ny andro manontolo ilay izy. Tsy dia manofy betsaka mihitsy aho mazàna. Fa nanana nofy iray aho. . .

¹⁸⁵ Nandeha hatraiza hatraiza aho, ary nanapoaka an'ity Hafatra ity taloha ary nahita anankiray aho eto ary anankiray etsy izay nandray Azy. Niverina avy hatrany indray aho ary nanapoaka ny Hafatra fa nampiakatra ny orony izy ireo ary lasa. Inona ny olana? Efa nanota niala tamin'ny androm-pahasoavany ve izy ireo? Efa niditra ve ilay anankiray farany? Tapitra ve ilay

izy? Miandry fandranganana fotsiny ve isika? Vonona fotsiny ve ireo ady kely rehetra izay miseho tahaka an'izany ireo?

¹⁸⁶ Misy zavatra natao hitranga. Alohan'ny itrangan'izany, dia efa lasa ilay Fiangonana. Toy ny ahoana no tsy ifanarahako fa hoe ho ao anatin'ny Fahoriambe ilay Fiangonana! Ahoana no ahafahanareo manaisotra tandindona iray amin'ny tandindona mialoha iray? Hitanareo? Tao anaty sambofiara i Noa talohan'ny hany nilatsahan'ny teten-drano anankiray. Nivoaka avy tao Sodoma i Lota talohan'ny hany nilatsahan'ny afo. Hitanareo? Hoy Jesosy hoe, "Tahaka ny tamin'ireo andro ireo dia ho toy izany koa amin'ny fihavian'ny Zanak'olona." Tsy mila miharitra fitsarana ilay Fiangonana, efa ao amin'i Kristy izany.

¹⁸⁷ Ny ilaintsika dia ny fahatanterahan'ny olo-masina. Tsy mahazo ireo olo-masina, hitanareo, izy ireo dia... Tsy fantatr'izy ireo fotsiny izay ho eritreterina, hitanareo. Ankehitriny isika dia...

¹⁸⁸ Raha marina izany... Raha tsy izany, dia hisy zavatra ho tonga haingana mihitsy, hisy fipoahana iray. Mandinika aho, tsy fantatro hoe làlana iza no ihodinana.

¹⁸⁹ Omaly alina dia nanonofy nofy iray aho. (Avy eo dia hamarana aho.) Nanonofy nofy iray aho, zavatra hafahafa indrindra...

¹⁹⁰ Nandry teo aho niresaka tamin'ny vadiko, mikasika ny fahaton-... Vao avy nivavaka izahay, ary izaho... Olona iray, Dallas antitra kely, niantso fa hoe nahatafatsofoka zavatra tao amin'ny sofiny izy, dia niditra aho... Nivoa-drà, ka tsy maintsy nihazakazaka nankany amin'ny dokotera izy. Ary niditra aho mba hivavaka, ka hoy ny Fanahy Masina hoe, "Mety tsara izany." Hitanareo?

¹⁹¹ Indro tonga izy, mety tsara ilay izy. Hoy ny dokotera hoe, "Nahoana, nihevitra aho fa ianao dia hahazo..." Hoy izy, "Nandratra an'ilay ampongan-tsofina ianao, nipoaka, ary nivoaka avy tao aminy ny rà, ary io rehetra io." Ny rehetra fotsiny... Tamin'ny fotoana manaraka nandehananay—niverina, dia tsy nilaza na inona na inona izy. Tsy mahafantatra hoe inona, hitanareo, tsy misy otrik'aretina, na inona na inona. Hitanareo?

¹⁹² Noho izany dia niantso ny olona iray, ary niditra tao amin'ny efitra aho ka nivavaka. Saiky tamin'ny andro iray hafa dia niantso izy ireo, nanao hoe, "Tapitra izy rehetra. Tsara sady mahafinaritra! Mandroso!"

¹⁹³ Ary niresaka tamin'ny vadiko aho, hoy aho hoe, "Malala, nandritry ny teo amin'ny herintaona sy efa-bolana teo dia saiky tsy fantatro izay làlana haleha." Hoy aho hoe, "Tsy fantatro hoe inona." Hoy izy... Niresaka mikasika an'ilay hetsika izahay, hoy aho hoe, "Tsy fantatro izay hatao, mitsangana aho ary manontany hoe, 'Isika ve miandry...? Ho tonga eo amin'ny

sehatra ve io mpaminanin'Andriamanitra lehibe anankiray io mba hanapoaka an'ilay zavatra, ho fantatry ny be sy ny maro ve izany?"

¹⁹⁴ Nieritreritra aho hoe, "Mifanohitra amin'ny Soratra izany. Tsia, izany dia: "Tonga amin'ny ora izay tsy eritreretinareo Izy." Hitanareo? Dia nieritreritra aho hoe, "Tsy fantatro izay hatao. Notsinontsinoavintsika ve izany?" Nieritreritra aho hoe, "Tsy tehipetraka manodidina ny trano eto aho." Nieritreritra aho... Ary manantena aho fa tsy atao horonam-peo ity; raha izany no izy, dia poteho ilay horonam-peo na apetraho eny amin'ny ilany izany. Hitanareo? Ankehitriny dia nilaza izy, raha... Hoy aho hoe, "Raha izany no izy, dia akaiky kokoa noho izay eritreretintsika isika."

¹⁹⁵ Misy zavatra anankiray izay tokony...izay hitranga. Na misy zavatra iray tsy maintsy hitranga amiko ankehitriny. Ary tsy hitako hoe nahoana Izy no tsy namela ahy handeha fotsiny rehefa teo amin'io dabilio io aho indray andro, arak'izany, hitanareo, raha tsy misy zavatra hafa hatao. Nahoana? Nahoana aho no tsy nandeha? Inona no nitranga? Misy zavatra hafa hatao ve? Nieritreritra aho hoe, "Eny, raha ny Hafatro izany, dia hampiakatra ny orony amin'Izany ny olona."

¹⁹⁶ Avy eo, misy Zavatra miantso ahy ho any amin'ny saha any ivelany. Mandre an'ilay antso aho any ampitan'ny ranomasina, tonga avy hatraiza hatraiza.

¹⁹⁷ Vao tonga ny taratasy indray andro, Rahalahy Ligger no nanoratra bo—boky iray mikasika ny fivorian'i Durban. Hoy izy hoe, "Tsy nisy nampitahaina tamin'izany mihitsy. Tsy mbola nahazo fanozongozonana tahaka an'izany mihitsy i Afrika. Tao anatin'ny fotoana hariva anankiray dia nahazo fanozongozonana iray izay tsy mbola azon'izy ireo teo amin'ny fiainany mihitsy io firenena maizin'i Afrika io." Marina izany, teo anivon'ireo mpanompo sampy.

¹⁹⁸ Nijery aho tany, nahita an'ireo mainty mahantra, vahoaka sarobidy, nahita ny fomba nitondran'ireo olona azy ireo tahaka...ratsy noho ny andevo. Nahita zazalahy antitra kely tany izay...ary izaho...niasa tany, ary hoy aho... Io zazalahy io, ianareo fotsiny...Ianareo vehivavy dia tsy afaka mahavita betsaka ao anatin'ny roa andro [Elanelana tsy voaraki-peo—Mpand.] na telo andro, mafy araka izay azonareo iasana, tahaka ny tsy maintsy nataon'io zazalahy io tao anatin'ny iray andro. Natory teo ambonin'ny palety iray tao anatin'ny efitra fandroana tranainy kely iray izy, teo amin'ny efatra dian-tongotra ny halavany ary efatra dian-tongotra ny sakany, niforitra tao. Ary mahazo iray livra isambolana izy, roa dolara sy valopolo cents izany. Ary tsy nahazo nihinana ny sombintsombiny avy teo amin'ny latabatra izy, koban-katsaka iray siny; ny ampahatelon'izany, ho sakafo

maraina; ny ampahatelon'izany amin'ny sakafo atoandro; ary ny ampahatelon'ny hafa ho an'io hariva io amin'ny sakafo hariva. Niasa hatramin'ny folo, na iraka ambin'ny folo, roa ambin'ny folo ora; mifoha ny ampitso maraina mikarakara an'ilay zazakely sy ny zavatra hafa rehetra, ary mampangilatra an'ireo tohatra sy mamafa ny fiaran'ilay sefo. Ary ilay reny goavana, antitra, matavy dia tsy manao na inona na inona afa-tsy ny mipetraka eo sy manapoaka ny hohony ary misotro dite, kamo, tsy misy ilàna azy.

¹⁹⁹ Tsy maintsy niasa tahaka ny zavatra rehetra io zazalahy mahantra io. Nikohaka izy, ary toy ny hoe saiky voan'ny sery fotsiny izy, tahaka ny "*Homph, homph, homph!*" Indray andro aho dia nijery teo, hoy aho hoe, "Tsy nitondra an'io zazalahy io mihitsy ve ianareo...? Nahoana no tsy entinareo any amin'ny fivoriana izy?"

²⁰⁰ "Kaffir iray izy." [Elanelana tsy voaraki-peo—Mpand.] Izany dia midika hoe "biby masiaka." Tsy mahagaga raha mitroatra izy ireo amin'izany anarana izany. Izaho dia hitroatra, ihany koa. Rahalahiko io lehilahy io. Ary eo izy. Tsy andevo iray izy. Tsy misy idiran'ny lokony amin'izany. Rahalahiko izy. Ary teo izy tahaka an'izany.

²⁰¹ Nivoaka aho, niantso azy aho hoe "Thomas." Afaka niteny fiteny telo ilay zazalahy. Dia hoy aho hoe, "Thomas?"

²⁰² Nitodika izy, nandohalika ary nanangana ny tãnany, nanao hoe, "Eny, tompoko."

²⁰³ Hoy aho hoe, "Mitsangàna. Tsy tomponao aho, rahalahinao aho." Napetrako nanodidina azy ny sandriko. Nijery ahy tahaka an'izao izy, ary ranomaso goavana be no nikoriana teo amin'ny takolany. Hoy aho hoe, "Thomas."

²⁰⁴ Ary tonga ny Fanahy Masina ka nisy fahitana iray teo. Niteny zavatra taminy aho. Ary hoy izy hoe, "Eny, tompoko. Marina izany. Izany mihitsy ilay izy."

²⁰⁵ Hoy aho hoe, "Thomas, niala taminao ny kohaka, tsy hanana an'izany intsony ianao." Ary tsy nanana izy.

²⁰⁶ Nanisika vola tao am-paosiko ny olona, nanana ravimbola teo amin'ny valopolo amby zato *livra* teo aho (izany dia midika hoe roa dolara sy valopolo cents). Ary natahotra aho ny hanome an'izany ho azy; natahotra sao ho hitan'ilay sefo miaraka amin'izany izy, hihevitra izy ireo fa nangalariny izany ka avy eo dia hokapohin'izy ireo ho faty izy. Noho izany aho—nilaza tamin'ilay sefo aho, hoy aho hoe, "Izaho—tiako io zazalahy io. Avelao aho hanome vola kely azy."

"Oh, tsia! Tsia! Hanimba azy ianao."

²⁰⁷ Hoy aho hoe, "Ianao no tena simba tsara mihitsy." Hitanao? "Inona no ipetrahanao manodidina eto? Ary tsy manao na inona na inona ianao. Io zazalahy io dia manao ny asa rehetra nefa

avelanao ho faty noana tapany izy. Izy dia manana re—reny maty vady iray sy anabavy ory, nefa avy eo dia avelanao hahazo iray dolara izy . . . roa dolara sy valopolo cents isam-bolana.” Hoy aho hoe, “Hijinja ny amin’izany ianao indray andro any! Misy fotsy hoditra roa tapitrisa ary saiky mainty hoditra zato tapitrisa. Hanana fikomiana ianao.”

Hoy izy, “Aza miteny an’izany any Amerika, izay miseho eto.”

²⁰⁸ Hoy aho hoe, “Iza no hiteny amiko mba hihazona ny filaminako? Andriamanitra irery ihany.” Hoy aho, “Tsy mahagaga raha tratry ny henatra ny olona, entina tahaka an’izao.” [Elanelana tsy voaraki-peo—Mpand.] Eo ianareo izao. Ary niaro azy ireo aho.

²⁰⁹ Indray andro mpitoriteny vitsivitsy, ireo mivadika vozon’akanjo, volombava kely, tonga tany Rhodésie izy ireo.

²¹⁰ Nisy mpanamory kely iray tsy manana traikefa nampiditra ahy tao anatin’ny rivo-doza iray, avy eo dia toy ny hoe nandeha roa maily, avo teny amin’ny habakabaka, nihodinkodina. Tsy fantatray na ambony izy na ambany; mihodinkodina hatrany sy hatrany ary hatrany ilay fiaramanidina. Ary farany izy . . . Tsy fantatray na nidina ilay izy na niakatra. Ary farany dia nitondra anay teo ambonin’ily tafio-drivotra izy. Ary tena narary mafy aho teo amin’ny vavoniko rehefa nivoaka izahay!

²¹¹ Vitsivitsy tamin’ireo mpitoriteny ireo, mpitoriteny Pentekotista, no niditra tao anatin’ny fiara iray ary nitondra ahy nankany Pretoria. Avy any Rhodésie Atsimo aho; ary tonga tany aho dia narary, na ahoana na ahoana. Ary Rahalahy Baxter nipetraka teo, narary, ary Billy Paul, narary. Ary nandeha fiara teo izahay nitety an’ily toby mihitsy; any no misy an’ireo olona mainty hoditra izay tsy maintsy handaozany ny fokony nohon’ny fanaovana zavatra iray, fahotana ara-poko iray, ary mandeha any izy ireo. Ary tsy avelan’izy ireo hiditra ao an-tanàna izy ireo, noho izany dia mipetraka eo ambanin’ny vifotsy fotsiny izy ireo na ny zavatra rehetra izay vitan’izy ireo, tena maloto sy ny sisa, marina izany. Ary nandeha nitety teo izy ireo tany, ary nahita takelaka iray aho teo, nanao hoe, “Roapolo maily isan’ora.” Ary nandeha dimy amby enimpolo maily isan’ora ireo lehilahy ireo. Nihazakazaka ireo reny mahantra ireo nandramby an’ireo zaza kely ireo, ankizy kely, nitanjaka, teny an-dàlana, ary nanomboka teo amin’ny roa taona teo ka hatramin’ny dimy na enin-taona; nandramby an’ireo ankizy kely ireo, ary nihiakiaka. Saika namono ny efatra tamin’izy ireo tamin’ny fotoana anankiray izy.

²¹² Nokapokapohaka teo amin’ny sorony izy, hoy aho hoe, “Hey! Inona ny olana aminao?”

Nitodika izy, nanao hoe, “Inona no nolazainao?”

²¹³ Hoy aho hoe, “Hoy aho hoe, ‘Inona ny olana aminao?’ Ataovy miadana ity zavatra ity!”

Hoy izy, “Nahazo baiko izahay hitondra anao any arapotoana.”

²¹⁴ Hoy aho, “Manome baiko anao aho mba hanajanona an’izany.” Ary hoy izy . . . hoy aho hoe, “Tsy manana fihetseham-po amin’ireo olona ireo ve ianao?”

“Olona inona?”

Hoy aho hoe, “Ireo zaza kely any ivelany eo ireo izay saika voahitsakao.”

Hoy izy, “Kaffirs izany!”

²¹⁵ Hoy aho hoe, “Mbà menatra ianao! Miantso ny tenanao ho Kristiana iray ve?” Hoy aho, “Tsy fantatrao ve fa io reny io dia nieritreritra betsaka ny amin’ny zazakeliny, raha namono azy ianao, tahaka ny ho nieritreretanao ny reninao anao?” Hoy aho hoe, “Mety ho tsy mahay sy tsy nianatra izy, saingy ny fitiavan’ny reny iray no miantsoantso mafy ny zanany. Tsy manan-draharaha hanao zavatra iray tahaka an’izany ianao. Nefa ianao miantso ny tenanao . . .” Hoy aho hoe, “Zavatra iray hafa, io takelaka io dia nilaza hoe ‘roapolo maily isan’ora,’ hoy ny Baiboliko hoe, ‘Omeo an’i Kaisara izay an’i Kaisara.’” Dia nanondrika ny lohany izy. Hoy aho, “Ahenao hatramin’ny roapolo maily isan’ora ilay izy ary ento toy ny hoe rahalahinao ireo olona ireo.” Hoy aho hoe, “Mbà menatra ianao, zavatra iray tahaka an’izany.” Oh, oadray, nipoaka tahaka ny sahona mihinana balam-basy izy ireo! Saingy tsy nanao fahasamihafana mihitsy izany, nomeko ny teniko, ny totohondriko.

²¹⁶ Ary nandeha nanodidina teo izahay ary fantatry ny olona fa nomba azy ireo aho, mba hitondra ho azy ireo ny—ny Hafatry ny Filazantsara. Ary Andriamanitra . . .

²¹⁷ Ary tonga tao izy ireo, ary nafangarony izy ireo, ka napetrak’izy ireo teny amin’ny ilany iray ny fotsy hoditra, sy ny mainty hoditra, ary teo ireo mainty hoditra dia tsy afaka niteny teny iray tamin’izy ireo akory aza, na inona na inona. Tonga teo anivon’izy ireo ny Fanahy Masina ka nanondro ny marary sy ny ory ary ireo kilemaina, ary nanasitrana azy ireo, ka namela an’ireto nipetraka teo tao amin’ny henatra nohon’ny fahambaniany goavana izay natsangan’izy ireo teo. Izany no maneho hoe ahoana no ifanarahana Andriamanitra amin’ny manetry tena ao am-po!

²¹⁸ Ankehitriny, izany dia olona iray izay tsy mbola nandray ny Hafatra ary izy no manoratra an’io boky io.

²¹⁹ Ankehitriny, dia inona no tokony hataoko? Ilay zavatra, inona no tokony . . . Tokony—tokony hiverina any ve aho? Ankehitriny, raha miantso ahy ho amin’ny fitoriana filazantsara Andriamanitra, amin’izay fotoana izay dia tsy afaka ny ho Mpahitany sy evanjelista amin’ny fotoana iray ihany aho.

Ianareo fotsiny... izany... Tsy hifangaro ireo asa, izaho dia— izaho fotsiny dia... Miady amin'ny rivotra aho. Raha ho evanjelista iray aho, dia tsy maintsy ho evanjelista iray. Raha ho Mpahitany aho, dia hijanona any amin'ireo tendrombohitra any ho any ka mijanona lavitra; tsy misy fiangonana, tsy misy fikambanana, mandra-pandrenesako avy amin'ny Tompo; ary mivoaka ka manome an'izany, ary miverina indray. Hitanareo? Ny iray amin'ireo zavatra ireo, dia lanjaina ao amin'ny mizàna izany. Na raha tsy izany dia efa tapitra ilay izy. Tsy maintsy ho ny iray amin'ireo zavatra telo ireo fotsiny izany, amiko. Tapitra ny Hafatra na tsy maintsy manao ny iray amin'ireo zavatra roa ireo aho. Tsy fantatro izay hatao.

²²⁰ Nanonofy nofy iray aho omaly alina, ary nanonofy aho hoe nandeha tany amin'ny fivoriana iray, ary tsy mbola nahita vondron'olona tahaka an'izany mihitsy aho! Niangona tahaka ny hoe tao amin'ny kianja goavana iray izy ireo, lavitra arak'izay nety hitako. Ary nanaraka ahy ny olona iray izay tsy i Billy, ary nentiny tany aho. Ary tao amin'ny efitra aho, nivavaka, ary tonga aho tao... teo ambanin'ny hosotra; tahaka ny somary iantsoan'izy ireo an'izany, mba hanao anareo hahazo, toy ny fitaovana iray izay ahafahako mahatsapa fa tsy maintsy ho fahaiza-mamantatra izany. Ary teny an-dàlana dia nanomboka niresaka tamiko ny lehilahy iray ary, rehefa niresaka izy, dia niala ilay fahaiza-mamantatra. Tsy afaka nahatsapa an'izany aho. Ary avy eo dia niezaka aho namerina ny tenako tao amin'izany; tsy nety vitako ilay izy. Tsy nety vitako fotsiny ilay izy. Dia lasa sasatra aho.

²²¹ Ary nanomboka nijery an'ilay vahoaka betsaka aho raha tonga niakatra izany. Ary rehefa nijery aho, dia hoy aho hoe, “Eny, manana lahateny iray aho ato an-tsaiko ka fantatro fa ireo rafi-pandaminana ireo sy ny fomba nitondrany an'ireo olona ireo, noho izany dia hitory an'ity Filazantsara ity tahaka an'izany amin'izy ireo mafy arak'izay vitako aho.” Ary rehefa nandeha teo amin'ny lampihazo aho, dia niala tamiko izany.

²²² Tsy misy fahaiza-mamantatra, tsy nisy iray tamin'ireo hafatra ireo; ary nitsangana teo aho, kanefa niandry ny olona. Dia hoy aho hoe, “Inona no hataoko?”

²²³ Ary hoy ny Zavatra iray hoe, “Manohiza fotsiny. Manohiza fotsiny, hitanao,” homena izany rehefa tonga any aho. “Manohiza mandeha fotsiny.” Hitanareo? Noho izany fotsiny aho dia teo amin'ny lamp-... dia nifoha aho.

²²⁴ Izany dia mety hoe satria nieritreritra an'izany aho, dia nanonofy nofy iray tahaka an'izany. Mety ho izany ilay izy. Mety ho ara-panahy ilay nofy. Tsy fantatro. Tsy manana fandikana an'izany aho, izaho—tsy fantatro ny dikan'izany. Tsy afaka miteny aminareo aho ary izaho—tsy fantatro hoe inona izany. Fa,

na inona na inona izany, dia eo amin'ny sampanan-dàlana any ho any aho. Hitanareo? Misy zavatra, zavatra any ho any.

²²⁵ Ary izaho—afaka hilaza zavatra anankiray aho, ary tena tsy azo tsara aho. Na milaza tahaka an'ity aho, izaho... izany dia tahaka an'ity na tahaka an'itsy, dia misy olona mandray azy amin'ity lafiny ity. Ary tahaka an'izao ilay izy, milaza zavatra mivantana mankany amin'ny teboka iray ianareo, dia mandre an'izany tahaka an'izao ny olona iray, noho izany dia miteny amin'ny olona iray hafa izy ary mirona lavidavitra kely, ary ilay anankiray manaraka dia mirona lavidavitra kely, ny manaraka lavidavitra kely, avy eo dia lasa mivadika tanteraka Izany. Ny olona iray mandre Azy amin'ity fomba hafa ity, mandeha amin'ity làlana ity izy, itsy làlana itsy, ary itsy làlana itsy. Hitanareo, dia manalavitra ianareo. Ary tahaka an'izany ilay izy ao—ao amin'ireo fivoriana, sy ny sisa, rehefa mandeha mahitsy marina tokoa mankany amin'ny Teboka iray ianareo. Ankehitriny, ilay Voafidy no handre an'io Teboka io. Azon'izy ireo io Teboka io! Mahafantatra izy ireo, satria nilaza marina tokoa aho hoe inona no dikany (Hitanareo?) tahaka an'izany, ilay Hafatra fotsiny, marina tokoa.

²²⁶ Ankehitriny, ary izany no lazaiko, toy ny hoe misy tsy fahazoana bebe kokoa foana, mitohy. Inona izany? Dia... Efa namboleko ve ireo Voa rehetra tokony hambolena? Efa antomotra ve ny fotoana? Vonona ny hiditra eo amin'ny sehatra ve io iraka lehibe io izao ankehitriny izao? Efa akaiky ve ny fihavian'ny Tompo? Miantso hiala amin'ity firenena ity mankany amin'ny hafa ve izany? Efa niantso ahy hiala amin'ny fitoriana filazantsara ve Izy?

²²⁷ Tsarovy, izaho dia... Naveriko tamin'ny vadiko izany. Maro aminareo ao amin'ny boky... Ny andro nametrahako an'io vato fehizoro io tao, teo amin'ny telopolo taona lasa izay, ao amin'ny zorony ao mihitsy, izao no voalaza ao... Tamin'io maraina io rehefa namoha ahy Izy, ary nipetraka tao amin'ny efitra aho tany, talohan'ny hany nanambadiako mihitsy na inona, zazalahy iray mpitory teny fotsiny, hoy Izy hoe, "Ataovy ny asan'ny evanjelista. Tsy... Tsy evanjelista ianao, fa ataovy ny asan'ny anankiray," nanonona Soratra tamiko. Rehefa nihazakazaka aho ka nahita an'ireo hazo roa ireo, nanapaka ny iray *teto*, an'ny tokana sy trinite. Tsy nafangaroko mihitsy izy ireo, namboleko tahaka an'izany izy ireo. Noho izany dia Hitany ny voankazo nilatsaka teo an-tànako ary avy eo dia nitondra ahy nankany Kalvary. Henoy ankehitriny, hoy Izy hoe, "Rehefa miala amin'ity ianao, dia vakio ny Timoty Faharoa 4, Timoty Faharoa 4."

²²⁸ Ary nandao ahy izay nipetraka tao amin'ny efitra Izany. Tsy fantatro akory aza fa fahitana iray izany. Tsy fantatro izay iantsoana azy tamin'izany fotoana izany. Napetrako ilay vato fehizoro (tamin'izany andro izany) an'ny fototra teo.

Voasoratra izany, mipetraka ao anatin'io vato fehizoro io mihitsy ankehitriny, ary nanao hoe:

... *ataovy ny asan'ny evanjelista, ataovy porofo feno ny asam-panompoanao.*

Fa ho avy ny andro izay tsy hahazakan'izy ireo ny foto-pampianarana tsy misy kilema; fa araka ny filàny manokana dia... hamory ho an'ny tenany miaraka mampianatra—mpampianatra, mangidihidy sofina;

... *ka hiala amin'ny Fahamarinana ho amin'ny anganongano. (Izany dia an'ny tokana sy trinite, izy ireo dia diso an'ilay...)*

²²⁹ Ankehitriny, tsy nilaza mihitsy Izy hoe “evanjelista ianao,” hoy Izy hoe, “Ataovy ny asan'ny anankiray.” Hitanareo? Ankehitriny, tonga ve ny fotoana? Hanohy miaraka amin'izany ve aho sa tonga ny fotoana ho an'ny zavatra hafa? Izay no tsy fantatro.

²³⁰ Izany no nilaiko, resaka fo amin'ny fo miaraka aminareo. Ary mihoatra ny fotoako aho izao ankehitriny izao, mba hamela anareo handeha, miala tsiny mihazona anareo ela tahaka an'izao.

²³¹ Fa, raha sitraky ny Tompo, mialohan'ny ahatongavan-dRahalahy Boze mihitsy amin'ny Alahady, dia mety ho tonga aho amin'ny Alahady maraina ary mety hiresaka eo amin'ny lohahevitra hoe *Ny Fitoriana Filazantsaran'Ny andro Hariva*, na zavatra tahaka an'izany, hitanareo, raha izany... Mety tsara aminao ve izany, Pasitera? [Hoy Rahalahy Neville hoe, “Tsara! Deraina Andriamanitra!”—Mpand.] Raha sitraky ny Tompo, amin'ny Alahady heriny maraina. Ary saika hiresaka eo amin'izany aho izao hariva izao, ary saika hanao resaka fo amin'ny fo angamba amin'ny fotoana hafa, saingy tsapako fa ho tsaratsara kokoa ilay izy ho tahaka an'izao, angamba, hitanareo, raha izany no sitrapon'ny Tompo.

²³² Mivavaka ho anareo aho. Ianareo mivavaha ho ahy. Aza manao fotsiny—aza manao hoe, “Rahalahy Branham, hanao aho.” Tena ataovy ilay izy! Hitanareo? Miankina amin'izany aho. Izaho no anankiray izay mila vavaka, raha afaka hanosika ahy any ho any Izy. Tsarovy, fa olombelona aho, tsy Andriamanitra aho. Olombelona tahaka anareo fotsiny aho, miezaka ny hahita ny sitrapon'Andriamanitra mba ahafahako mandeha ao amin'izany. Tsy misy olona afaka hahafantatra raha tsy... “Ary izay tsy manam-pahendrena, aoka izy hangataka amin'Andriamanitra.” Ary izany no ataoko, mangataka amin'Andriamanitra. Ary apetrako aminareo izany amin'ny maha-fiangonako, resaka fo amin'ny fo. Inona, aiza no misy antsika? Aiza isika no mitsangana? Ao amin'ny ora inona no iainantsika? Eo amin'ny andro farany isika, mino aho. Mino aho fa eo amin'ny farany mihitsy isika eto.

²³³ Ankehitriny, dia afaka mihodina any amin'ny lâlana iray izany na ilay hafa. Noho izany ianareo. . . Ilay izy dia na efa vita ny asako, na voantso ho any amin'ireo saha any aho, na hanao evanjelista iray Izy na mpahita iray. Ny iray amin'ireo zavatra ireo no tsy maintsy hiseho, satria eo amin'ny farany aho. Tsy fantatro izay hatao. Tsy fantatro izay lâlana haleha. Na dia ireo fivoriana ireo aza, izay anatonako azy ireo, dia nivavaka aho, hoy aho hoe, “Tompo, tsy hanao tahaka ahy taloha aho. Hanatona azy tahaka ny nataoko tany aloha aho, hiverina amin'io fitoriana filazantsara io aho mandra-Panomenao ahy an'ilay antso ho an'izay tokony hataoko.”

²³⁴ Izaho dia—efa namafy an'ilay Voa hatraiza hatraiza aho, efa nandeha nanerana an'izao tontolo izao ireo horonam-peo, efa nandeha nanodidina an'izao tontolo izao ireo Hafatro, fantatry ny fiangonana rehetra ny mikasika an'Izany, hatraiza hatraiza, ary izay nofidian'ny Ray dia Izy no hiantso an'izany. Hitanareo?

²³⁵ Ary ankehitriny Izany dia toy ny hoe fahatafintohinana iray ho azy ireo. Oh, tsy te-hanao na inona na inona amin'Izany izy ireo. Tsia, tompoko. Handeha fotsiny ve aho ka hivavaka ho an'ny marary, ary hafatra tsotra kely eo amin'izany, ary—ary hahita ny fomba itarihan'ny Fanahy Masina ahy? Izany no ao an-tsaiko mba hatao mandra-Panaony antso hafa iray. Satria ny olona iray dia tsy mahafantatra an'izay hatao mandra-pahazoany avy amin'Andriamanitra an'izay hatao, mandra-pahazoanareo ny fiovan-toeranareo.

²³⁶ Ary izaho—ary tsy te-hipetraka ao an-trano aho. Ity Hafatra ity no eo amin'ny foko. Eo am-pahafatesana ny olona, lavo, mandeha mankao amin'ny Mandrakizay. Inona no azoko atao? Avelao aho hanapoaka an'Izany hatraiza hatraiza izay vitako, ary hiresaka ny amin'ny Tompo Jesosy mandra-Panovany an'ilay toerana. Mivavaha ho ahy ianareo, izaho hivavaka ho anareo. Manantena aho fa hataonareo izany.

²³⁷ Ankehitriny, tsarovy amin'ny Alarobia hariva, ny fivoriam-bavaka, ary ny Zoma hariva, ny fivorian'ny lehilahy. Ho eto ve ilay izy? Mety ho tonga aho hahita anareo rehetra, niteny taminareo aho fa ho avy ka hahita anareo ny Zoma hariva iray. Eny àry, noho izany amin'ny Alahady maraina, raha sitraky ny Tompo, dia hiresaka aho eo amin'ny *Fitoriana Filazantsaran'Ny andro Hariva*, raha sitraky ny Tompo; mety hanova an'izany, tsy fantatro. Fa izany no eritreretiko izao ankehitriny izao, ilay karazana evanjelista izay hisy amin'ny andro hariva. Ary avy eo amin'ny Alahady hariva, ny horonan-tsarimihetsik'i Rahalahy Boze, ka tsarovy izany ankehitriny. Ary mivavaha ho anay, satria handeha ho any amin'ny saham-pijinjana izahay amin'ny herinandro manaraka, raha sitraky ny Tompo.

Tianareo ve Izy? Amena!
Hanompo Azy ve ianareo? Amena!

Hino Azy ve ianareo? Amena!
Amena! Amena!

Izy no Ray. Amena!
Izy no Zanaka. Amena!
Izy no Fanahy Masina. Amena!
Amena! Amena!

Mihira foana. Amena!
Amena! Amena! Amena! Amena!

Tianareo ve Izy? Amena!
Avy ve Izy? Amena!
Vonona ve ianareo? Amena!
Amena! Amena!

Mety ho izao hariva izao, vonona ve ianareo?
Amena!
Amin'ny maraina, vonona ve ianareo? Amena!
Amin'ny fotoana rehetra, vonona ve ianareo?
Amena!
Amena! Amena!

Mihira foana. Amena!
Sy mihiakiaka. Amena!
Ary mivavaka. Amena!
Amena! Amena!

Avia Tompo Jesosy. Amena!
Ataovy vonona Ny Fiangonanao. Amena!
Miomana izahay. Amena!
Amena, Amena!

Te-hahita ny reniko aho. Amena!
Te-hahita ny raiko aho. Amena!
Te-hahita ny Mpamonjiko aho. Amena!
Amena! Amena!

Oh, tianareo ve Izy? Amena!
Hanompo Azy ve ianareo? Amena!
Tianareo ve Izy? Amena!
Amena! Amena!

²³⁸ Ry Rainay any An-danitra, ity no . . . hira *Amena* kely iray. Tianay ny Fampianaranao, hoy izahay rehetra hoe “Amena!” Tianay ny Fanahy, “Amena!” Mino izahay fa ho avy Izy, “Amena!” Ny Teny tsirairay izay Teneninao ao amin’Ny Baibolinao, Tompo, dia asianay tsindrim-peo Izany amin’ny “Amena!” Mino ny Teny tsirairay an’Izany izahay, mampianatra an’Izany amin’ny tsara indrindra amin’ny fahalalanay fotsiny, araka ny nanoratana Azy mihitsy, ny mari-piatoana tsirairay, ny tsi-pi-panohizana tsirairay, ny teboka tsirairay, ny faingo tsirairay, araka ny fomba nanoratana Azy fotsiny, amin’ny tsara indrindra amin’ny fahalalanay.

²³⁹ O Andriamanitra, avereno aminay, Tompo. Omeo anay ny fahafaham-po lehibe izay irianay fatratra, hoe indray andro any dia handre ny feon'ireo Anjely izahay raha mamandre andalan-kira Haleloia iray eny amin'ny lanitra izy ireo, rehefa hiseho any Jesosy ka hakarina ilay Fiangonana.

²⁴⁰ Hanontany ireo tsi-mpino hoe, “Inona no mitranga, inona no olana amin'ireo olona ireo? Lasa aiza izy ireo?” O Andriamanitra, tsy hahazo izy ireo, tsy hahita Azy akory aza izy ireo. Fa ilay Fiangonana no hahita Azy, izany hoe, ireo nantsoina-hivoaka, ilay Voafidy, ilay nateraka indray, hanjavona fotsiny izy ireo. Tsy ho fantatr'izy ireo hoe aiza no misy azy ireo, fantatr'izy ireo fotsiny fa tsy hita izy ireo; hiaraka amin'ny Tompony izy ireo.

²⁴¹ Noho izany amin'izany fotoana izany, Tompo, tsy ho zavatra iray mahatsiravina ve ny tavela eto, mahafantatra fa efa lasa ny andron'ny famonjena? Tsy misy fanavotana intsony! Hoy ny Soratra hoe, “Aoka izay maloto mbola hihaloto, aoka izay tsy masina mbola ho tsy masina.” Oh, ho ora iray toy ny inona izany!

²⁴² Enga anie izahay hiomana ankehitriny, Tompo. Ho fotoana iray mahafinaritra toy ny inona izany raha hiomana hitsena Anao fotsiny izahay, Ray, ary hanomana ny fonay isan'andro. Ary raha manao fahadisoana izahay ka lavo, tahaka ny nosoratan'ity fanahy mahantra ity tao amin'ity fanontaniana ity androany, dia ampahafantaro izy ireo fa ny Ràn'i Jesosy Kristy no manadio ny fahotana rehetra. Tsy te-hanao an'izany io olona io, Tompo. Noana sy mangetaheta izy ireo, miezaka ny hiverina ao amin'io fiombonan'ny Fanahy io. Atsangano izy ireo, Tompo. Ampiakaro eo ambonin'ity tontolo feno rahona, maizimaizina ity izy ireo; ambony, izay ahafahan'ilay Masoandro hamiratra eo amin'ny fanahin'izy ireo indray. Izy ireo dia nidina eo ambanin'ilay—ilay—ilay faravodilanitra lehibe an'ireo—an'ireo rahona, ary nidina tao anaty fotaka izy ireo, tao anatin'io fahotana io. Saingy nipetraka tany ambony tany tao amin'ilay Masoandro izy ireo indray mandeha. Izy ireo—te-hiverina indray izy ireo, Tompo. Avereno izy ireo izao hariva izao, Tompo. Ary raha misy sasany eto izay tsy mbola nahafantatra mihitsy ny hoe any ambony any, ary mahafantatra fa . . .

²⁴³ Ireo balafomanga rehetra eto ary ny zavatra rehetra dia mifanaraka tsara amin'Ny Teninao, arak'izay tokony hitrangan'ireo zavatra marina tokoa. Ary hitanay fa ny tontolon'ny fiangonana, ahoana no nataon'izy ireo. Izahay—hitanay mihitsy—tahaka ny tamin'ny andron'i Noa mihitsy, tahaka ny tamin'ny andron'i Sodoma mihitsy, izay nolazain'i Jesosy fa hiseho marina tokoa, ireo samontan'onja, ahoana no handehanan'ireo vehivavy sy hiakanjoany, ary ahoana fa ho tia tsikilokilo izy ireo, ary—ary mandeha, eny, araka ny ataon'izy ireo, ary mitsingintsingina sy miolanolana, ary mitondra tena, izay nolazain'ilay mpaminany marina tokoa. Izay nolazain'i

Daniela mihitsy hoe, “Tsy afaka hifanaraka ny vy sy ny tanimanga.” Ary, oh, ny zavatra rehetra, tanteraka izany, Tompo. Eo amin’ny andro farany mihitsy izahay. Milatsaka ireo aloka, Tompo. Mipiapiaka ireo jiro mena, maneno ireo lakolosy.

²⁴⁴ O Andriamanitra, aoka ho fantatry ny Olonao fa tsy ho ela dia hametra-tongotra eo amin’ny tany sy ny ranomasina ilay Anjely ary hanangana ny Tànany ka hanao hoe, “Tsy hisy andro intsony!”

Amin’izay fotoana izay O, fitomaniana sy
fidradradradrana toy ny inona,
Rehefa voateny amin’ireo very ny anjarany;
Hiantsoantso an’ireo vatolampy sy ireo
tendrombohitra izy ireo,
Hivavaka izy ireo, saingy tara loatra ilay vavaka.

²⁴⁵ Iza no andron’ny famonjena. “Aoka izay manan-tsofina hihaino an’izay lazain’ny Fanahy amin’ireo fiangonana.” Ekeo izany, Tompo.

²⁴⁶ Enga anie ka tsy hisy olona iray ho diso an’io andron’ny Fampakarana io. Enga anie izahay ho tena feno ny fitiavan’Andriamanitra sy ny Fanahin’Andriamanitra mandrapanalan’ny Fanahy Masina anay miaraka amin’ilay miandry, na dia hiala sasatra amin’ny anjaranay aza izahay. Araka ny Nolazainao tamin’i Daniela hoe, “Zory ny lâlanao, ry Daniela, satria hiala sasatra ianao. Fa amin’izany andro izany dia hijoro amin’ny anjaranao ianao.”

²⁴⁷ O Andriamanitra, hoy Ianao hoe, “Ireo izay mamerina ny maro amin’ny...hiala amin’ny fahotana ho amin’ny fahamarinana dia hamiratra mihoatra ny kintana mandrakizay sy mandrakizay.” Andro iray toy ny inona! Fa ireo ratsy fanahy dia ho lasa ao amin’ny fandranganana. O Andriamanitra, ataovy mahafantatra ny toerany ao amin’ny fiainana ny olona izao ankehitriny izao, mba ahafahan’izy ireo hitodika mankany amin’Ilay Marina, alohan’ny hahatara loatra azy mandrakizay. Ekeo izany, Ray.

²⁴⁸ Ankehitriny miaraka amin’ny lohantsika miondrika vetivety fotsiny, ao amin’ny vavaka famaranana, dia hisy iray ve teho tsarovana, hanao hoe, “Rahalahy Branham, manangana ny tånako aho, tsy aminao fa amin’Andriamanitra. Andriamanitra anie hamindra fo amiko ary ho eo aho amin’izany andro izany, voasasa tao amin’ny Ràn’ny Zanak’ondry”? Andriamanitra hitahy anao. Andriamanitra hitahy anao, ianao, ianao, ianao, ianao, tånana maro.

²⁴⁹ Ankehitriny, Andriamanitra Ray any An-danitra, tahio ny isan’isany, ny tsirairay avy. Hitanao ny tånan’izy ireo. Fantatrao ny fon’izy ireo.

²⁵⁰ Ary fantatray, Tompo, fa izahay...misy zavatra vonona ny hitranga. Fantatr’izao tontolo izao izany, mihira hira izy

ireo, ary feno vazivazy sy hiran'adala ny televiziona. Inona no ataon'izy ireo? Toy ny zazalahy kely misioka ao anaty aizina, mandalo eo akaikin'ny fasana iray, matin'ny tahotra, miezaka mampitony ny sainy amin'ny fisiahana. Mamitaka ny tenany fotsiny izy. Toy izany koa ity firenena ity mihomehy fotsiny, mivazivazy, mihanihany, araka ny Voalazany mihitsy fa ho avy ny fotoana hanaovan'izy ireo an'izany, "Hivily hiala amin'ny Fahamarinana ho amin'ny anganongano," ary ahoana fa "amin'ny andro farany dia ho avy ireo mpaniratsira sy mpihomehy," ary ahoana fa hisy ireto zavatra ireto amin'ny andro farany, "kiriana, mpieboebo, manana ny endriky ny toepanahy araka an'Andriamanitra, miala amin'ny Fahamarinana," ary hitany izany izao ankehitriny izao.

²⁵¹ O Andriamanitra, fohazo ny olona! Aoka izy ireo hahalala fa afaka ny hahazo antoka izy ireo izao ankehitriny izao fa efa tafafindra avy tamin'ny fahafatesana ho amin'ny Fiainana izy ireo. Rehefa mandray an'i Kristy izahay, ny Fanahy Masina, dia miakatra any ambonin'izao tontolo izao fotsiny izahay. Noho izany dia fantatray fa efa nitsangana niaraka Taminy izahay, ary miandry fotsiny an'io fanovana io izay hitsaharan'ny fahafatesana ao amin'ireo faritra mety maty, ireto kodiarana kelin'ny fiainana mety maty izay mihodina ao amin'ny taovampamboloanay ireto, dia havotana. O Andriamanitra! Ary amin'izay fotoana izay dia hanana vatana iray tahaka ny Azy izahay ka ho velona Mandrakizay miaraka Aminy, ilay Tany nampanantenaina lehibe, manana ny Porofa.

²⁵² Aoka tsy hisy anankiray ho diso an'izany, Tompo. Ireo izay nanangana ny tânany, enga anie izy ireo hitsofoka (izao hariva izao) ao amin'ny Fanjakana. Angamba rehefa mody izy ireo, angamba mety hilaza amin'ny vadiny ilay lehilahy hoe, "Malala, nisy zavatra nandòna ahy izao hariva izao"; na ny vady vavy hilaza amin'ny vady lahy hoe, "Malala, izaho—nahatsapa tena hafahafa aho." "Eny, malala, ndao isika handohalika eto anilan'ny fandriana. Tsy mbola nanao an'izany mihitsy isika tany aloha, fa ndao isika hivavaka izao hariva izao. Mangataha amin'Andriamanitra mba hamindra fo amintsika sy hanangona antsika. Tiako ianao, malala."

²⁵³ Ary ilay—ilay hafa, ny lahy milaza amin'ny vavy, ary ahoana fa mifankatia izy ireo, "Izaho—izaho—te-ho any An-danitra miaraka aminao aho. Tsy te-ho diso an'izany aho. Ary indray andro any rehefa tongaso any an-Trano isika dia hitondra anao amin'ny sandry aho ka handeha hitety an'ireo lâlantsara lehibe sy ny saha Mandrakizay, izay hisy ny zanak'ondry sy—sy ny liona hiara-mandry, ary ny amboadia sy ny—ny ombivavy hiaramandry. Ary tsy hisy fahafatesana intsony sy tsy misy alahelo intsony. Ary raha mandeha mitety any isika ka ireo antema no mameno ny habakabaka, an'ireo Anjely, ireo antoko mpihira eo ambonintsika, rehefa manao antsika tongaso ao an-Trano

ireo Anjely, dia te-hiaraka aminao aho any, malala. Izaho—tiako ianao. Angamba miha-antitra ianao, tsaroako ianao rehefa nanambady anao aho, ny endrikao kely tsara tarehy.” “Ary—ary ianao, ary tsaroako ianao, malala, fony ianao lehilahy tanora iray tsara tarehy.”

²⁵⁴ Fa haverina izany rehetra izany. Izy Izay nandoko ny tarehinareo tsara tarehy indray mandeha dia manana ny—ny kisarisarin’izany ao an-Tsainy. Afaka handoko an’izany indray Izy any izay tsy hampahalazo azy intsony. O Andriamanitra, ampahafantaro ny olona fa tsy nofinofin’angano izany, fa izany no—no Fahamarinana, ary Andriamanitra, ny Fanahy Masina, dia eto mba hanambara. Niresaka ny amin’izany Ny Teniny nanerana an’ireo taona. Avelao izahay hijery any aoriana ka hahita, hamaky ny tantaranay. Ary ny olona rehetra izay hany midika zavatra iray teto an-tany dia ireo olona, olona matahotra an’Andriamanitra, na dia ny Filohanay aza tahaka an’i Washington, Lincoln, sy ny sisa, *Josoa*, sy—sy ny . . . *Mosesy*, sy ireo izay . . . Ny olo-malaza an’izao tontolo izao dia olona izay nino an’izany, ary nanisy tombokase ny fanambarany, ka miandry an’io fitsanganana io any. Manana an’ireo voaloham-bokatr’izany izahay, ilay Antoka.

²⁵⁵ Mivavaka aho ankehitriny amin’ny alàlan’ny fivavahako mba Handraisanao an’ireto olona ireto miaraka amin’ny fivavahany ka hampiditra azy ireo ao amin’ny Fanjakana. Mangataka an’izany amin’ny Anaran’i Jesosy izahay. Amena.

²⁵⁶ Andriamanitra hitahy anareo, ho manan-karena amin’ny famindrampo aminareo, hampampirapiratra ny Tavany aminareo, sy hiambina anareo, ary hitahy anareo amin’ireo fitahian-Danitra rehetra.

²⁵⁷ Ankehitriny dia milaza an’ity aho, tsy lozabe, fa amin’ny fitiavana. Mivavaka aho mba ho anareo izay tsy mahafantatra Azy, mba ho tena mafy ny ondanareo ka tsy afaka hatory intsony ianareo, ho tena ratsy ny sakafonareo ka tsy afaka hihinana intsony ianareo, mandra-pisitakareo eny amin’ny sisiny any ho any ka manao hoe, “Tompo, mamindrà fo amiko.” Izany dia tsy hoe maniry zavatra ratsy ho anareo. Soa ho anareo izany, rahalahy, ranabavy. Mivavaka fotsiny aho mba ho tahaka an’izany ilay izy ho anareo.

Mandra-pihaonantsika! mandra-pihaonantsika!
Mandra-pihaonantsika eo an-tongotr’i Jesosy;
(Mandra-pihaonantsika!)

Mandra-pihaonantsika! mandra-pihaonantsika!
Homba anao anie Andriamanitra mandra-
pihaonantsika indray!

Homba anao anie Andriamanitra mandra-
pihaonantsika indray!

Hitari-dàlana amin'ny Toro-heviny, hanohana
 anao,
 Hikapoka an'ireo onja mandrahona eo anoloanao;
 Homba anao anie Andriamanitra mandra-
 pihaonantsika . . .

²⁵⁸ Ankehitriny tahaka ny tamin'ny andro fahiny, dia ndao isika
 hifandray tàmàna amin'ny olona iray ankehitriny.

Mandra-pahatongantsika . . .

Tompo Jesosy, ataovy...?...manontolo, esory ny
 otrik'aretina ary omeo fahasalamana izy, Tompo, amin'ny
 Anaran'i Jesosy.

Mandra-pihaonantsika eo an-tongotr'i Jesosy;
 (Mandra-pihaonantsika!)

Mandra-pahatongantsika . . .? . . .

Mandra-pahatongantsika . . .

. . .eo amin'i Jesosy . . .

²⁵⁹ Tsaroanareo ve fa nihira an'ireo hira ireo isika taloha? Ndao
 isika . . . Ary ity iray hafa ity dia nohiraintsika taloha, taona
 maro lasa izay, tsy fantatro na misy anankiray eto na tsia,
 rehefa nifandray tàmàna nanodidina fatana tranainy iray isika
 teto taloha, ary fotaka no teo amin'ny gorodona. Tsaroanareo ve
 izany? Nihira isika hoe:

Mandeha mankany Ziona isika,
 Ziona tsara tarehy, tsara tarehy;
 Mandeha miakatra ho any Ziona isika,
 Ilay Tanànan'Andriamanitra tsara tarehy.

²⁶⁰ Fantatrareo ve hoe ho toy ny inona i Ziona ao amin'ny Arivo
 taona? Hisy Hazavana eo ambonin'i Ziona, ka ho aloka amin'ny
 masoandro izany amin'ny antoandro ary ho Hazavana amin'ny
 alina, satria tsy hisy alina any. Oh, oadray!

Ireo sahan'i Ziona dia mamokatra
 Hamamiana masina arivo
 Alohan'ny hahatongavantsika eo amin'io Seza
 fiandrianan'ny Lanitra io,
 Alohan'ny hahatongavantsika eo amin'io Seza
 fiandrianan'ny Lanitra io,
 Na andehanantsika eo amin'ireo làlambe
 volamena,
 Na andehanantsika eo amin'ireo làlambe
 volamena.

Ny rehetra miaraka ankehitriny:

Mandeha mankany Ziona isika,
 Oh, Ziona tsara tarehy, tsara tarehy;
 Mandeha miakatra ho any Ziona isika,
 Ilay Tanànan'Andriamanitra tsara tarehy.

261 Tiako fotsiny izany, mihevitra fotsiny aho fa tena tsara tarehy izany. Ankehitriny, tsy tianareo ve ireo hiran'ny andro fahiny ireo? Heveriko fa izany no tsaratsara kokoa betsaka lavitra noho ity karazan-javatra mihetsiketsika ity izay antsointsika hoe hira amin'izao andro izao. Tiako fotsiny izany. Ary nihira hira tranainy iray aho taloha tato am-piangonana, tsaroanareo:

Efitra, efitra, eny, misy efitra,
Misy efitra ho anao eo amin'ilay Loharano.

262 Oh, oadray! Ireo hira tsara, sy fahiny ireo, mino aho fa notarihin'ny Fanahy Masina ny penina, izay nanoratra an'ireo hira ireo.

Akaiky kokoa, ry Andriamanitra, Anao, akaiky
kokoa Anao!
Na dia ny hazo fijaliana aza no manangana ahy.

263 Kanefa, Charles Wesley sy ireo mpanoratra malaza izay nanoratra an'ireo hira ireo tahaka an'izany, ireo poeta ireo. Tsara tarehy ilay izy, heveriko fotsiny fa tena tsara izy ireo. Ary avy eo isika taloha . . . Tsaroanareo izany:

O ry Tanin'ny Ampakarina, Tanin'ny Ampakarina
mamy,
Raha mitsangana eo amin'ilay tendrombohitra
avo indrindra aho,
Mijery any ampitan'ny ranomasina aho,
Izay misy an'ireo fitoerana Namboarinao ho ahy.

264 Tsaroanareo ve ny fotoana voalohany izay nisehoan'ilay Anjelin'ny Tompo teo amin'ny renirano? Nihira isika hoe:

Eo amoron'i Jordana misy tafio-drivotra no
itsanganako,
Ary ibanjinako amin'ny maso iray feno faniriana,
An'ny tany Kanana tsara tarehy sy sambatra,
Izay misy an'ireo fananako.

Mandeha mankany amin'io tany
nampanantenaina io aho,
Iza no ho avy ka handeha hiaraka amiko?
Mandeha mankany amin'io tany
nampanantenaina io aho.

265 Raha mbola nihira an'izany isika, dia nisy Feo niantsoantso avy tany an-danitra, ary indro tonga ilay Andry Afo lehibe mihodinkodina midina avy hatrany ka nanao hoe, "Tahaka ny nanirahina an'i Jaona Mpanao-batisa hialoha lâlana ny Fihaviany voalohany, dia manana Hafatra iray ianao izay hialoha lâlana an'ilay Faharoa." Jereo hoe lasa aiza izy. Iraika amby telopolo taona lasa izany. Jereo hoe lasa aiza Izany hatramin'io, manerana an'izao tontolo izao tao anatin'ny afom-

pifohazana iray. Ary ankehitriny dia mahita an'izany mihamangatsiaka isika. Antomotra ny andro.

²⁶⁶ Ndao isika hanondrika ny lohantsika ankehitriny, eo ampahatsiarovana an'ireo filazana rehetra.

²⁶⁷ Mpiandry ondry lehibe an'ny andian'ondry, izay antenainay ho hita tonga indray andro any, ny fonay dia maniry fatratra an'io ora izay hahitanay Azy io. Indray andro dia nipetraka teo an-tendrombohitra Ianao ka nampianatra ny Olona Ianao, hoy Ianao hoe, "Mivavaha tahaka an'izao:"

Ry Rainay Izay any An-danitra, Hohamasinina anie Ny Anaranao.

Ho tonga anie Ny Fanjakanao. Hatao anie ny Sitraponao ety an-tany, tahaka ny any Andanitra.

Omeo anay anio ny mofonay isan'andro.

Ary mamelà ny helokay, tahaka ny namelanay izay meloka taminay.

Ary aza mitondra anay ho amin'ny fakam-panahy, fa manafaha anay amin'ny ratsy; fa Anao ny Fanjakana, sy ny hery, ary ny voninahitra, mandrakizay. Amena.

²⁶⁸ Hoy ny Baiboly hoe, "Dia nihira fiderana izy ireo ka nivoaka."

Raiso eo aminao ny Anaran'i Jesosy,
Ry zanaky ny alahelo sy fahoriana;
Hanome fifaliana sy fiononana ho anao Izany,
Raiso Izany na aiza na aiza alehanao.

Anarana sarobidy, O tena mamy!
Fanantenan'ny tany sy fifalian'ny Lanitra;
Anarana sarobidy, O tena mamy! (Tena mamy!)
Fanantenan'ny tany sy fifalian'ny Lanitra.

²⁶⁹ Tsy tsara tarehy ve izany? Mijanona indray mandeha fotsiny, iray fotsiny eto sy etsy, ka henoy indray izany raha mihira isika:

Amin'ny Anaran'i Jesosy no iondrehana,
Miankohoka eo an-Tongony, (Hitanareo?)
Hosalorantsika Mpanjakan'ny mpanjaka any Andanitra Izy,
Rehefa mifarana ny diantsika.

Oh, tsy tsara tarehy ve izany? Ndao jerentsika:

Raiso eo aminao ny Anaran'i Jesosy,
Ho Ampinga amin'ny fandrika rehetra;
Rehefa miangona manodidina anao ireo fakam-panahy,
Bitsiho am-bavaka fotsiny io Anarana Masina io.
(Hitanareo?)

O Anarana sarobidy! Ndao isika hihira an'izany:

Raiso eo aminao ny Anaran'i Jesosy,
 Ho Ampinga amin'ny fandrika rehetra;
 Rehefa miangona manodidina anao ireo fakam-
 panahy,
 Bitsiho am-bavaka io Anarana Masina io.
 Oh Anarana sarobidy, (Anarana sarobidy!) O tena
 mamy! (O tena mamy!)
 Ilay fanantenan'ny tany sy fifalian'ny Lanitra;
 Anarana sarobidy, O tena mamy! (Tena mamy!)
 Fanantenan'ny tany sy fifalian'ny Lanitra.

²⁷⁰ Ankehitriny, raha hanondrika ny lohantsika isika, dia hampirava ny fiangonana amin'ny vavaka ny pasiterantsika. Andriamanitra hitahy anao, Rahalahy Neville. 🐦

62-0527 Fanontaniana sy Valiny
Branham Tabernacle
Jeffersonville, Indiana U.S.A.

MALAGASY

©2024 VGR, ALL RIGHTS RESERVED

VOICE OF GOD RECORDINGS
P.O. BOX 950, JEFFERSONVILLE, INDIANA 47131 U.S.A.
www.branham.org

Filazana fahefan'ny tompon'ny boky

Tsy azo adika. Ity boky ity dia azo atao printy amin'ny fanaovam-
printy ao an-trano ho an'ny fampiasana manokana na ho zaraina, tsy
misy sarany, ho fitaovana iray hanaparitahana ny Filazantsaran'i Jesosy
Kristy. Ity boky ity dia tsy azo amidy, na adika indray amin'ny refy
lehibe, na alefa amin'ny siteweb iray, na tehirizina amin'ny fomba
nisy nanesorana, na adika amin'ny fiteny hafa, na ampiasaina ho
fangataham-bola raha tsy misy alàlana voasoratra mazava avy amin'ny
Voice Of God Recordings®.

Ho an'ny fanazavana fanampiny na ho an'ny fitaovana hafa efa azo
raisina, dia iangaviana hifandray amin'ny:

VOICE OF GOD RECORDINGS

P.O. BOX 950, JEFFERSONVILLE, INDIANA 47131 U.S.A.

www.branham.org